



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivaviana · Tanindrazana · Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2019**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-43

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA IRETO VOLAVOLAN-DALANA IRETO:

- LAHARANA FAHA-008/2019 TAMIN'NY 20 NOVAMBRA 2019 «AUTORISANT LA RATIFICATION DE L'ACCORD DE PRET RELATIF AU FINANCEMENT DU PROGRAMME CATASTROPHE DEFERRED DRAWDOWN OPTION (CAT DDO) ENTRE LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR ET L'AGENCE FRANÇAISE DE DEVELOPPEMENT (AFD)»;
- LAHARANA FAHA-009/2019 TAMIN'NY 4 DESAMBRA 2019 «RELATIF A LA LUTTE CONTRE LES VIOLENCES BASEES SUR LE GENRE»;
- LAHARANA FAHA-011/2019 TAMIN'NY 4 DESAMBRA 2019 "AUTORISANT LA RATIFICATION DE L'ACCORD DE PRET RELATIF AU FINANCEMENT DU PROJET D'APPUI A LA CONNECTIVITE DES TRANSPORTS (PACT) ENTRE LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR ET L'ASSOCIATION INTERNATIONALE POUR LE DEVELOPPEMENT (IDA)»

Fivoriana faha-30
Natao ny
Alakamisy 12 Desambra 2019
- Maraina -

FOTOPOTOTRY NY FIVORIANA

Natao ny

Alakamisy 12 Desambra 2019

- Maraina -

	Pejy
- Fitohizan'ny fivoriana	01
- Famakiana ny tatitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-008/2019	02
- Fanamarihana mikasika ny tatitra	08
- Famelabelarana ny antonantony	09
- Adihevitra ankapobeny	11
- Fandraisana fanapahan-kevitra momba voavolan-dalàna laharana faha-008/2019	21
- Famakiana ny tatitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-009/2019	22
- Adihevitra ankapobeny	27
- Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-009/2019	42
- Fandraisana fanapahan-kevitra ny hampidirana ny volavolan-dalàna laharana faha-011/2019 amin'ny fandaharam-potoana	45
- Famakiana ny tatitra momba ny volavolan-dalàna lahana faha-011/2019.....	46
- Fanamarihana sy fanitsiana ny tatitra	47
- Fanazavana ny antonanton'ny volavolan-dalàna laharana faha-011/2019	51
- Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-011/2019.....	53
- Fiatoan'ny fivoriana	54

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

MPITANTSORATRA: - Ramatoa MICHELLE Bavy Angelica
- Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques

FOTOANA: Alakamisy 12 Desambra 2019 tamin'ny 10 ora sy 15 minitra, maraina.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ireto volavolan-dalàna ireto:

- laharana faha-008/2019 tamin'ny 20 Novambra 2019 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du programme Catastrophe Deferred Drawdown Option (CAT DDO) entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement (AFD)»;
- laharana faha-009/2019 tamin'ny 4 Desambra 2019 «relatif à la lutte contre les violences basées sur le genre»;
- laharana faha-011/2019 tamin'ny 4 Desambra 2019 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet d'appui à la Connectivité des transports (PACT) entre la République de Madagascar et l'Association Internationale pour le Développement (IDA)».

- Lakolosy -

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

Andriamatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy; mitohy ny fivoriantika.

Mamerina ny fiarahabana antsika Solombavambahoaka rehetra tonga manatrika izao fivoriambe izao ary miarahaba ny vahiny izay saika ny Governemanta iray manontolo no tonga eto amintsika amin'izao fotoana izao.

Andriamatoa Pariminitra ihany koa efa miandry ny raharaha sy ny andraikitra hiantsonitsika azy ao ambadika ao.

Izao isika, hiroso amin'ny fandinihana sy fandraisana fanampahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-008/2019 tamin'ny 20 Novambra 2019 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du programme Catastrophe Deferred Drawdown Option (CAT DDO) entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement (AFD)».

langaviana ny Mpampakantenin'ny Vaomiera hamaky ny tatitra momba izany.

- Famakiana ny tatitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-008/2019 -

Andriamatoa TSARADIA Marco

Misaotra Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba anareo Birao Maharitry ny Antenimierampirena,
Miarahaba ny Minisitra rehetra sy ny mpiara-dia aminy,
Isika Solombavambahoaka.

Ny anton'ity tatitra ity dia momba ny fandinihana ny volavolan-dalàna laharana faha-008/2019 tamin'ny 20 Novambra 2019 ««autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du programme Catastrophe Deferred Drawdown Option (CAT DDO) entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement (AFD)»».

Nivory ny Alarobia faha-11 Desambra 2019 tamin'ny 05 ora sy 08 minitra, hariva, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-008/2019 tamin'ny 20 Novambra 2019 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du programme Catastrophe Deferred Drawdown Option (CAT DDO) entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement (AFD)».

Andriamatoa ANDRIAMISASOA Doda Nirimboavonjy, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tonga ny fivoriana,

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1 ANDRIAMISASOA Doda Nirimboavonjy
- 2 ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
- 3 HENRI Jean Michel
- 4 MOHAMAD Ahmad
- 5 RABEKIJANA Solofo Hery
- 6 RANDRIANASOLO Jean Nicolas
- 7 RAFIDIMANANA Narson
- 8 TSARADIA Marco
- 9 ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot

Nisolo tena ny Governemanta kosa,

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1 Col ANRIAMIALIHARISON Haja Aimé
- 2 Lieutenant-Col ARITIANA Fabien
- 3 Lieutenant-Col ANDRIAMANALINARIVO Rolland
- 4 ANDRIAMANGA Herivelo
- 5 RAHANIRAKA Haingotiana

Chef SAF/CPCU
Coordonnateur BNGRC
Secrétaire Exécutif Adjoint
CPGU/Primature
MFE/DGT
MEF/DDP

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa dia nomeny ny Teknisiana avy hatrany ny fitenenana mba hanazavany ny antonanton'ny volavolan-dalàna.

I-FAMELABELARANA NY VOLAVOLAN-DALANA

Talohan'ny nandraisan'Andriamatoa Tale Jeneralin'ny Tahirim-bolam-panjakana fitenenana dia niala tsiny izy amin'ny tsy nahateo an'Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Toe-karena sy Fitantanam-bola noho ny adidy aman'andraikitra hafa izay sahaniny.

Nambarany tamin'izany fa mizara roa ny fanazavana ny volavolan-dalàna.

Ny tapany voalohany dia mahakasika ny pitsopitsony ara-bola izay nifanarahana tamin'ny mpamatsy vola ho amin'ny fanatanterahana ny fandaharan'asa, izay itondran'ny Minisiteran'ny Toe-karena sy ny Fitantanam-bola fanazavana ary ny tapany faharoa dia mahakasika ny lafiny ara-teknika izay hovelaberin'ny Teknisiana avy ao amin'ny "Bureau National de Gestion des Risques et des Catastrophes" (BNGRC) sy ny "Cellule de Prévention et Gestion des Urgences" (CPGU).

a) Lafiny ara-bola

Nambaran'Andriamatoa Tale Jeneraly fa ny volavolan-dalàna mahakasika ny famatsiam-bola eo amin'ny entina hiatrehana ny voina mety hahazo an'i Madagasikara toy ny rivo-doza, hay tany ka ny BNGRC sy ny CPGU avy ao amin'ny Primatiora no hitantanana ny vola mba hoentina hanampiana sy hiarovana ny vahoaka Malagasy manoloana ny loza voajanahary ary hanamaivanana sy hanarenana ny zavatra mety hitranga eto amin'ny Firenena. Eo ihany koa ny fampihenana ny ho fiantraikan'ny loza eo amin'ny toe-karena na eo amin'ny fitantanana ny tetibola.

Ny tanjona dia ny fahaiza-manao ara-teknika, "institutionnelle" ary "financière"-n'ny Fanjakana Malagasy, entina hitantanana ireo "gestion des risques" sy "catastrophes". Eo ihany koa ny fanamafisana ny "système national de gestion des risques et des catastrophes", ny fanamafisana ny «résilience financière» manoloana ny loza mety hitranga.

Nambaran'Andriamatoa Tale Jeneraly nandritra ny fanazavanana ihany koa fa avy amin'ny «Agence Française de Développement» (AFD) sy ny «Association Internationale de Développement» (IDA) ny famatsiam-bola izay mitentina 10 000 000 Euro na 40 877 400 000 Ar, 27 taona ny famerenana azy ka ny 07 taona voalohany tsy amerenan'ny Fanjakana Malagasy ny renivola. Ny tahan'ny zanabola alaina «Euribor 6 mois - 20 points de base. A la date d'aujourd'hui=0% ». Ny «Commission de gestion» hitantanana ny vola dia 0,5%.

Ny tetikasa dia vatsian'ny mpamatsy vola roa miaraka, iarahana amin'ny AFD izay nampindram-bola sy ny IDA izay nanome fanomezana na "don". Rehefa izany dia nomen'Andriamatoa Tale Jeneraly ny ao amin'ny BNGRC sy ny CPGU ny fitenenana mba hanazavan'izy ireo ny hitantanana ny vola rehefa tonga ny fotoana.

b) Lafiny ara-teknika

Nambaran'ireo Teknisiana avy ao amin'ny CPGU sy ny BNGRC fa tafiditra tsara ao anatin'ny polotikam-panjakana mahakasika ny loza na fanamafisana ny atao hoe «résilience financière» ny famatsiam-bola ka ny CPGU, BNGRC ary ny avy ao amin'ny Minisiteran'ny Toe-karena sy ny Fitantanam-bola no nangataka fiara-miasa tamin'ny Banky Iraisampirenena sy ny AFD. Tafiditra ao anatin'ny «mécanisme de protection financière» io mba hitantanana sy hiatrehana ny loza voajanahary izay nantsoina hoe «mecanisme Catastrophe Deferred Drawdown Option» (CAT DDO).

Misy karazany roa ny famatsiambola, ny fanomezana izay iarahana amin'ny Banky Iraisampirenena dia mitentina 50 Tapitrasa dolara Amerikana izay tafiditra ao anatin'ny «mecanisme CAT DDO», miampy ny an'ny AFD izay mitentina 10 000 000 euro.

Fepetra maro no nangatahin'ny mpamatsy vola ho amin'ny fanatsarana ny fomba fitantanana ny loza voajanahary eto Madagasikara izay vao afaka nirosoana ny famolavolana ny volavolan-dalàna toy ny:

- Fanatsarana ny rafitran'ny «Gestion de risque et catastrophe» manomboka hatrany amin'ny «niveau stratégique» ao amin'ny Primatiora, eo ihany koa ny «niveau opérationnel» ao amin'ny BNGRC. Manombok'izao ny BNGRC raha araka ny rijan-teny vaovao, fampiharana ny lalàna mahakasika ny Politika Nasionaly dia nivadika ho lasa «Etablissement Publique à caractère Administratif (EPA)» ary lasa «Direction Générale» raha araka io rijan-teny io. Izany dia anisany fanovana sy fepetra izay napetraky ny mpamatsy vola ka nahafahana nahazo ny famatsiam-bola ny “mecanisme de financement CAT DDO”.
- Famoahana ny rijan-teny fampiharana (texte d'application), satria ny Lalàna mahakasika ny Politika Nasionalin'ny «Gestion de risque et catastrophe», tsy misy ny Didim-panjakana fampiharana fa tamin'ny 16 Oktobra vao tafavoaka ny Didim-panjakana fampiharana eo amin'ny Lalàna mahakasika ny politika nasionaly ny «Gestion de risque et catastrophe».
- Fanamafisana ny «résilience des infrastructures» mba hanamafisana ny mahakasika ny fotodrafitrasa tamin'ny alalan'ny fanaovana ny «norme de construction d'un bâtiment para-cyclonique» na «bâtiment résistant aux aléas naturelles» izay niarahana niasa tamin'ny Minisiteran'ny Fanajariana ny tany, ny Tranom-ponenana ary ny Asa Vaventy.
- Fampidirana ny mahakasika ny «résilience climatique» ho ao anatin'ny «planification territoriale» izay fantatra amin'ny anarana hoe «Schéma Régional d'Aménagement du Territoire» na SRAT sy ny «Plan Régional pour le Développement» na PRD izay niarahana niasa tamin'ny Minisiteran'ny Fanajariana ny tany, ny Tranom-ponenana ary ny Asa Vaventy ihany koa.

Navoitran'izy ireo hatrany fa isan'ny miteraka vesatra ho an'ny Tetibolam-panjakana ny loza mety hitranga ka natsangana eo anivon'ny BNGRC raha araka ny Didim-panjakana nivoaka farany teo ny atao hoe «Fonds National de Catastrophe».

Izay isany ho tombotsoa tao aorian'ny fanatanterahana ny fepetra takiana mialohan'ny fampindramam-bola sy ny fanomezana avy amin'ny mpamatsy vola. Noho ny fanovana ny rafitra dia afaka miroso ny BNGRC amin'ny fametrahana ny ratsamangaika any amin'ny Faritra na ny «Décentralisation»-n'ny BNGRC. Ao ihany koa ny Vina ho fametrahana ny «Unité d'intervention» isam-paritra izay hiatrika ny voina mitranga eny ifotony.

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana sy fanamarihana ny mpivory.

▪ **Fanontaniana**

1. Amin'izany 10.000.000 euro ampindramin'ny AFD, ohatrinona ny tahan'ny zanabola amin'ny vola indramina?
2. Ary afaka 27 taona, firy ny tahan'ny zana-bola?
3. Mikasika ilay fametrahana ny BNGRC any amin'ny Faritra, ny rivo-doza ihany ve no ho jerena sa mijery haintany ary inona avy ny zavatra jerena raha hametraka any amin'ny Faritra?
4. Aiza avy no hametrahana ny BNGRC, ary ahoana ny fepetra amin'izany amin'ireo loza miseho ary firy no apetraka?
5. Inona daholo no idiran'ny BNGRC lalina amin'ny fanampiana, ny fahazoana azy mantsy dia resaka rivo-doza no tena hiasany betsaka, ao koa nefa ny tranga haitrano ohatra sy ny tadio mahatonga fahafatesan'olona tampoka sy ny trano main'ny varatra ahoana ny momba ireny?
6. Mikasika ny fomba fitantanana, ahoana ny fomba fiasa sy ny fomba fampiasana ny vola? Firy isan-jaton'ny vola no hitsinjovana ny traboina ary firy isan-jato no fampandehanan-draharaha?
7. Mahaleo tena ve ny BNGRC amin'ny fomba fiasany?
8. Ny BNGRC taloha dia niankina tamin'ny Minisiteran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana. Nahoana ankehitriny ny mpamatsy vola no mibaiko fa tsy maintsy atao ny EPA ilay izy? Ny "Fond national de contingence" io ihany ve sa misy vola hafa tao?
9. Tsy nisy vola ve ny BNGRC hatramin'izay ary izao ve vao asiana, satria misy ihany koa ny hoe "Primature" sy ny "CPGU" eo amin'ny fandrindrana ny BNGRC?
10. Moa ve mba mampalaky ny fomba fiasa sy ny famaliana hatraty amin'ny foibe, tsy azo atao ve ny tonga dia mametraka olona mandray avy hatrany ny olona sy ny fangatahana vokatrin'ny loza izay mihatra?
11. Iza marina no mitantana ilay «commission de gestion»?

▪ **Valiny**

1. Ny tahan'ny zana-bola dia «EURIBOR 6mois - 20 points de base» izany hoe raha ampiharina ilay tahan'ny EURIBOR raha datin'ny androany dia 0% ny taha ny zanabola. Miovaova io taha EURIBOR ka enim-bolana no jerena.
2. Raha jerena hatrany ilay EURIBOR eo amin'ny tsena iraisam-pirenena dia tsy mihoatra ny 1,25% na 1,5% ny taha afaka 27 taona raha tsy hoe misy krizy ara-bola mandalo.

3. Raha ny «considéré» amin'izao dia ny rivo-doza, ny tondra-drano, ny areti-mifindra ary ny hay tany ireo no isany fepetra hahafahana manainga ny fametrahana ilay BNGRC.

4. Tolo-kevitra teknika avy amin'ny fandalinana avy eny ifotony no atolotry ny BNGRC any amin'ny Minisiteran'ny Atitany ary izy no mety mitondra izany any amin'ny Governemanta mba hanaraka ny politika fampandrosoana ny fanjakana ny mety ho isany apetraka. Fa iarahana mahalala fa raha ny eto amintsika dia ny ilany atsinana no mafy ny rivo-doza sy tondra-drano, any atsimo dia ny resaka hay tany. Ny areti-mifindra indray dia arakaraka ny «considéré»-n'ny zavatra tena mampijaly tamin'ny Oktobra 2017 dia ny pesta an-tanan-dehibe izay mety ho laharampahamehana foana ho an'ny faritra sasany.

5. Tsy misy valiny.

6. Ny fanampiana ara-bola dia ny Governemanta no manapaka ohatrinona no mankany amin'ny “Fonds national de contingence” ary ohatrinona no mankany amin'ny kitapom-bolam-panjakana, ohatrinona no mankany amin'ny BNGRC sy ny CPGU hanaovana ilay “réponse”.

7. Tsy misy valiny

8. Araka ny voalaza dia homen'ny mpamatsy vola fanampiana isika, tsy omena anefa io vola io raha tsy manao fanovana rafitra isika amin'ny fomba fitantanana amin'ny ankapobeny eo amin'ny «Gestion des risques et des catastrophes». Ny «Fonds national de contingence» dia ny Fanjakana no tokony hamatsy azy, tsy nisy izy io hatramin'izay ary izay no nahatonga ny CPGU sy BNGRC hitady famatsiam-bola hafa hiatrehana ny loza satria ny fanjakana tsy manana sora-bola mazava hiatrehana ny «prévention» na ny «réponses».

9. Tsy fantatra hoe misy ve ao sa tsia fa rehefa mipetraka ilay rafitra amin'ny maha antokon-draharaham-panjakana dia tsy maintsy misy ny vola atokana ho an'ny BNGRC, fa ankehitriny kosa dia mbola “Secrétaire Permanent exécutif” no mitantana azy. Ny rafitrin'ny BNGRC misy ambaratonga tahak'izao:

a) Ambaratonga stratejika miaraka amin'ny “Primature” sy ireo “ Conseil National des Risques et Catastrophes” ahitana ny mpikambana amin'ny Governemanta iray manontolo sy ny avy aty amin'ny Antenimierampirenena.

b) Ambaratonga miasa ao amin'ny famaliana ireo fangatahana sy ny famonjena ireo traboina miaraka amin'ny Minisiteran'ny Atitany.

10. Tsy misy valiny.

11- Ny «commission de gestion» dia karazana antoka takian'ny Mpamatsy vola amin'ny famoahana sy ny fampiasam-bola, raha ela loatra ny fampiasana na famoahana azy dia mihatra ny taha 0,5%.

Fanamarihana:

1. Ny BNRGC dia tsy hahafantatra mialoha ny loza voanjanahary mety hitranga ka tokony hisy birao manerana ny Faritra 22 mba hahamora ny fangatahana ny fanampiana sy ny famonjena ireo traboina ary ihany koa mba hahitana ny zavatra mitranga marina sy hisorohana ny fampitomboana ny vola angatahin'ireo mpanao politika rehefa mangataka fanampiana.
2. Mahakasika ny fintantanana indrindra ny fividianana ny fitaovana. Tsara ny hevitra hoe vatsiana fitaovana sy biraon'ny BNGRC avokoa ny Faritra 22 saingy raha ny hita dia ny ankabeazan'ireo fitaovana novidiana toy ny «camion pompier» ireny dia tsy mifanaraka amin'ny toerana ametrahana azy ary ny fitaovana misy amin'izy ireny raha tsy hiteny afa tsy ny «bouche d'incendie» dia tsy «adapté» amin'ny toerana izay manana azy ankoatra ny eto Antananarivo sy ny any Taolagnaro noho ny fisian'ny orinasa QMM.
Ka tena tsindrina ny fangatahana, mba fitaovana mifanaraka sy azo ampisaina tsara no vidiana. Tsindrina ihany koa ny mikasika ny rafi-draharahan'ny BNGRC tokony hipetraka tsara ny tena hahatonga anareo hahaleo tena ary mba hampahamora ny fangatahana fanampiana sy mba tsy handalovany sampandraharaha maro ny mametraka ny fangatahana.
3. Any Alaotra Mangoro ohatra, apetraka any amin'ny Faritra ny fitaovana ka rehefa mihatra ny loza dia mafy be ny lalan-kizorana hangatahana ireny fitaovana ireny. Ka aoka tsy entina amin'ny lafiny ara-politika ny fanomezana ny fanampiana hoan'ireo traboina satria voina mahazo ny vahoaka.
4. Ny fanontaniana mipetraka eto dia hetahetan'ny Solombavambahoaka. Fa tsara ny manamarika fa misy fepetra napetraky ny mpamatsy vola ny hahafahana hahazoana ny vola. Misy kosa ny tsy azo ampiasana ireo fitaovana toy ny fiara, ny “tractopelle” ireo mihintsy, araka io fepetra sy ny fifanarahana natao tamin'ny mpamatsy vola io. Fa raha mila amin'izany dia misintona ny mpamatsy vola.

Valin'ny fanamarihana:

2- Mikasika ny fividianana ny fitaovana taloha, nisy “accord de prêt” efa natao tamin'ny 2007 efa hiditra tamin'ny famoaham-bola ny taona 2008 dia nikatso ilay izy vokatr'iny kirizy politika nisy teto amin'ny firenena ary ireny fitaovana ireny no isan'ny hita fa filana tamin'izany ho an'ny fampandrosoana, ka taty aoriana tsy navela nokitihina intsony ny zavatra efa voasonia fa notohizana fotsiny, tsy nofoanana satria efa tapaka. Na izany aza dia misy ezaka ny hijerena ny fomba hampiasana ireny fitaovana ireny amin'ny fisorohana ny loza hafa.

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fandraizana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Nohon'ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahafahana manapa-kevitra dia niato 30 minitra ny fivoriana mba ho fanajana ny fitsipika Antatiny mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izany dia nankatoavin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola ny volavolan-dalàna laharana faha-008/2019 tamin'ny 20 Novambra 2019 "autorisant la ratification de l'accord de prêt relative au financement du programme Catastrophe Deferred Drawdown Option (CAT DDO) entre le République de Madagascar et l'Agence Française de Développement (AFD)" ka hentina eny amin'ny fivoriambe handraisana ny fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 6 ora sy 20 minitra hariva ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

- 3 -

- Fanamarihana sy fanitsiana ny tatitra -

Andriamatoa FILOHA

Misaotra an'Andriamatoa Mpampakateny isika nitondra izay tatitra izay.

Izao isika, hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra novakoana teo. Marihina fa tsy mbola miditra amin'ny adihevitra ankapobeny isika fa fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra notaterin'ny Mpampakateny teo.

Koa iangaviana hanangan-tanana izay Solombavambahoaka manan-kambara mikasika izany.

Tsy nisy nanan-kambara ny Solombavambahoaka.

Misaotra ny Mpampakateny fa mazava amin'ny Solombavambahoaka ny vokatry ny asam-baomiera.

Omentsika ny avy ao amin'ny Governemanta sy ny teknisiana miaraka aminy ny fitenenana sao misy manan-kambara izy ireo mikasika ny tatitra nentin'ny Mpampakateny teo.

Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola
Andriamatoa Filoha mitarika ny fivorintsika anio.

Ianareo Solombavambahoaka isany,
Tompokolahy sy Tompokovavy.

Voalohany, fisaorana mitafotafo ho an'ireo nanao ity tatitra ity teo anivon'ny Vaomiera fa mazava tsara izany ary araka ny adihevitra nifanaovana teto no nandrafetana ity tatitra ity; midika izany fa vita an-tsakany sy an-davany ny asa nampiandraketana ireo olona tokony hanao izany.

Faharoa, misaotra antsika rehetra izay tonga anio handany an'ity "ratification" ity. Azo lazaina mantsy fa zava-dehibe hiankinan'ny fitsinjovana ny Faritra izany.

Isan-taona, matetika rivo-doza isika indrindra fa any amin'iny Faritra Avaratra iny.

Vao tamin'ity herinandro ity isika no nisy rivo-doza Belina; fantatsika fa nisy Faritra toy ny tany Soalala sy faritra hafa izay tratran'izany rivo-doza izany. Miatrika ny fanarenana ny zavamisy isika ankehitriny.

Misy ihany koa ny loza hafa izay mihatra any amin'ny Faritra Atsimo toy ny hain-tany, ny doro tanety samihafa izay miantefa amin'ny fiainan'ny vahoaka.

Midika fa zava-dehibe tokoa no handaniansika an'ity findramam-bola avy amin'ny AFD ity.

Mizara roa ny famatsiam-bola ato amin'ity volavolan-dalàna.

Ny iray fanampiana avy amin'ny Banky Iraisam-pirenena izay efa azo lazaina hoe amin'ny dingana farany amin'izao fotoana izao, ho azontsika ny fanampiana izay mitentina 50 millions de dollars.

Ity indray findramam-bola amin'ny AFD ary misy fanitsiana ato amin'ny tatitra eo amin'ny lafiny ara-bola eo amin'ny tatitra Andriamatoa Filoha sy ianareo Solombavambahoaka.

Ao amin'ny tatitra, ao amin'ny pejy voalohany; misy fanitsiana eo amin'ny hoe DGT mba ahitsy dia atao hoe MEF satria ao ambany ao efa misy hoe MFTPT.

Manaraka eo amin'ny hoe famatsiam-bola dia tsy ny BNGRC no mitantana ny vola fa ny Minisitera Tompoko; izay no fanitsiana.

Ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola satria mazava loatra fa fanampiana mivantana no azontsika amin'ny Banky Iraisam-pirenena.

Izay no fanintsiana tiana ho etina amin'ity tatitra ity, Andriamatoa Filoha sy ianareo Solombavambahoaka.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Misaotra an'Andriamatoa Minisitra tamin'izay fanamarihana izay.

Mba ahafahantsika mahazo ny vontoatin'ny volavolan-dalàna, averintsika amin'Andriamatoa Minisitra, ny fitenenana mba ahafahany manazava amin'ny ankapobeny ny atonanton'ity volavolan-dalàna ity; aorian'izay isika vao miditra amin'ny adihevitra ankapobeny.

Raha sitrakao Andriamatoa Minisitra, averina aminao indray ny fitenenana.

- 4 -

- Famelabelarana ny antonanton'ny volavolan-dalàna laharana faha-008/2019 -

Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola
Misaotra Andriamatoa Filoha, nanome fitenenana.

Andriamatoa Filoha,
Ianareo Solombavambahoaka isany.

Araka ny voalaza ny tatitra teo, mifandraika amin'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana ity volavolan-dalàna ity. Indrindra mikasika ny fiatrehana ny fahasahiranana izay mihatra amin'ny vahoaka amin'ireny Faritra hiantefan'ny loza voajanahary ireny.

Marihana fa misy lafiny roa izy ity.

Voalohany, ny findramam-bola izay resahantsika eto izay angatahana fankatoavana avy aminareo satria izany dia tafiditra ao anatin'ny fifanarahana amin'ny mpamatsy vola.

Hisy ampahan'ny andraikitra horaisin'i Madagasikara mba hiatrehana ny voina voajanahary izay hiarahana amin'ny Banky Iraisam-pirenena satria isika tsy manana ho entimanana isantaona mba ahafahana miatrika avy hatrany ny anjara tokony ho raisina eo amin'ny lafiny ara-bola.

Ankehitriny dia mifanaraka tamin'ny "Agence Française de Développement" isika hoe aleo hindramana vola mba tsy hanavesatra ny ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana ny fiatrehana ny trangan-javatra toy izany.

Izany hoe amin'ny lafiny iray misy ny "appuis budgétaire"; io tsy misy zana-bola, tsy misy zavatra hafa fa efa vola miditra ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana; amin'ny lafiny iray kosa dia misy anjara birikintsika "sous forme de prêt" satria misy famerenam-bola izay misy fifanarahana samihafa ahafana mampiasa azy.

Ny manaraka Tompoko, tsara ho marihana fa ny fampiasana an'ity vola indramina ity misy fepetra vitsivitsy na "activités" no azontsika ilazana azy izay ahafahantsika mampiasa azy. Misy sokajy roa ny "activité" izay heverina fa tokony hatao.

Ny voalohany, ny "Direction Générale de l'Aménagement du Territoire et de l'Habitat" ao amin'ny Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany, no toeram-ponenana ary ny Minisiteran'ny Asa Vaventy no hanomana "plan de renforcement de capacité" mba ahafahana manatsara ny fomba hiatrehana ny fiovan'ny toetr'andro. Misy "action" maromaro ho ataon'ny "Direction Générale" noresahiko teo.

Ao ny fanomanana ny "reform" samihafa izay hanatsarana eo amin'ny lafin'ny "résilience de ville et changement climatique" izany.

Ny «activité» faharoa, fanatsarana ny eo amin'ny lafin'ny fanofanana sy ny «perfectionnement» ho an'ireo rehetra misahana ny «résilience urbaine». Misy «activité» samihafa tokony hokarakarain'ny ao amin'ny «Direction Générale de l'Aménagement du Territoire et de l'Habitat»; ao anatin'izany no hampiasana an'ity vola ity.

Ny fahatelo farany, misy fanadihadiana vitsivitsy tsy maintsy hatao ao anatin'ny fampiarana ny "stratégie de resilience urbaine" ary ny "Direction Générale de l'Aménagement du Territoire" ihany no mikarakara an'izany.

Azo lazaina, Andriamatoa Filoha sy ianareo Solombavambahoaka fa ny andraikitra tokony ho sahanin'ny Fanjakana amin'ny fiomanana amin'ny voina ara-boajanahary izay miseho no tena ampiasantsika an'ity vola ity.

Etsy ankilany ny "50 millions de dollars" noresahiko teo.

Ny “appuis budgétaire” indray, tena fanampiana mivantana azontsika ampiasana raha misy ny ilana azy; amin’izao fotoana izao isika dia ao anatin’ny vanim-potoana ny rivo-doza dia azo eritreretina fa maika ny fandanianana an’ity “ratification” ity.
Misaotra anao Andriamatoa Filoha, misaotra anareo Solombavambahoaka.

- 5 -

- Adihevitra ankapobeny -

Andriamatoa FILOHA

Misaotra, Andriamatoa Minisitra tamin’izay fanazavana nentinao izay.

Hiroso amin’ny adihevitra ankapobeny isika izao koa iangaviana ny Solombavambahoaka izay handray fitenenana mba hanangan-tanana ahafahana mandray ny anarany.

Omena fitenenana Andriamatoa HENRI Jean Michel, manaraka Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène.

Andriamatoa HENRI Jean Michel

Misaotra Andriamatoa Filoha, nanome fitenenana.

Miarahaba anao Andriamatoa Filoha,
Miarahaba anao Andriamatoa Minisitra sy ianareo mpiaradia aminy.

Miala tsiny Andriamatoa Filoha, fa hiverina amin’ny fanitsiana ny tatitra aho fa misy tsipelina diso kanefa misy dikany lehibe amin’ny fahazoana an’ity resaka famatsim-bola ity sy ny fampiasana azy.

Ao amin’ny pejy faha-5, Andriamatoa Filoha, ao amin’ny “point 4” amin’ny faran’ny fehezanteny dia tokony hiala ny “tsy” izany hoe “Fa raha miala amin’izany dia misintona ny mpamatsy vola”.
Izay no tokony ho izy.

Raha ny mikasika an’ity resaka famatsiam-bola ity, Andriamatoa Filoha, “ratification” ka tsy tokony hanaovantsika resaka maro. Isika izao mahafantatra fa ao anatin’ny vanim-potoan’ny rivo-doza amin’izao fotoana izao; efa hitantsika ny fahavoazana tao Soalala ireny ka mangataka ny Solombavambahoaka mba handany an’ity volavolan-dalàna ity satria ilaintsika ity famatsim-bola ity mba hiadiana sy hamahana ny olan’ireo namantsika voan’ny rivo-doza ireo.

Manentana antsika Solombavambahoaka handany an’ity volavolan-dalàna ity.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène

Misaotra Andriamatoa nanome ny fitenenana.

Miarahaba anao Andriamatoa Minisitra sy ny mpiara-miasa aminao.

Ny fanitsiana nentinao teo, Andriamatoa Minisitry, amin'ny hoe ny fitantanam-bola dia tsy ny BNGRC no mitantana azy mivantana fa ny Minisitry an'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola kanefa manasaro-javatra ny fitantanareo azy.

Rehefa azo ny vola, inona ny olana raha tantanan'ny BNGRC mivantana izany satria lasa misy "procédure" ela; efa maika anefa mbola hanao "procédure" ny ao amin'ny BNGRC hangataka vola any aminareo; maninona raha homena azy ny vola satria izy no tomponandraikitra afaka hitantana ny vola avy hatrany mba hanamora zavatra.

Manentana ny Solombavambahoaka mba handany an'ity "ratification" ity.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Omena fitenenana, Andriamatoa TSARADIA Marco.

Aorian'izay omena fitenenana Andriamatoa Minisitry mba hamaliany ny fanontaniana.

Manarak'izay, mitohy indray ny fandraisam-pitenenana.

Andriamatoa TSARADIA Marco

Makasitraka, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Misy zavatra roa tiako hiverenana, ny fanontaniana napetrakay tao amin'ny asam-baomiera, misy ny tsy voavaly araka ny tatitra teo.

Ny fanontaniana faha-5, faha-7 ary faha-10 izay tsy misy valiny.

Ny tena nahasarika ny sain'ny Solombavambahoaka dia ny "procédure" lavalava amin'ny famoahana ny fanampiana na ny famoahana ny "matérielle" ka angatahana mba ho jerena izany; ahoana ny fomba atao mba hampalaky kokoa ny "procédure" rehefa misy ny loza mitranga.

Ny fanontaniana faharoa, inona daholo ny zavatra heverintsika fa loza handraisan'ny BNGRC andraikitra; ny rivo-doza ihany ve sa misy zavatra hafa; inona daholo ireo zavatra hafa ireo satria misy resaka mikasika ny tadio izay mety mahafaty olona maro; azo jerena ve ireny zavatra ireny sa tsia; eo koa ny trano main'ny varatra.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Omena anao Andriamatoa Minisitry ny fitenenana.

Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola
Misaotra Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa Filoha,
Ianareo Solombavambahoaka.

Amin'ny maha fanampiana azy ity, midika fa miditra amin'ny kitapom-bolam-panjakana ny fanampiana toy izao; izany hoe tsy azo atao ny mamindra izany amin'ny "organisme" iray misahana ny fitantanana mivantana ka ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola no hitantanana izany.

Miara-miasa amin'ny BNGRC koa isika; omeko fitenenana izy rehefa avy eo mba ahafahany manazava ny lafiny ara-teknika eo amin'ny fomba fiasan'ny BNGRC. Misy fiaraha-miasa tokoa eo amin'ny BNGRC sy ny Governemanta fa indrindra ny Ministeran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola. Tsy misy olana fa efa mahazatra ny mikasika an'izany.

Ny azo lazaina dia hoe "d'une manière générale" no mahatonga azy ho tantanan'ny Ministeran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Nahoana no tsy misy "canal" mivantana na "guichet unique" na lalam-piaraha-miasa iray ahafahana manafaingana ny fangatahana manafaingana ny fangatahana fanampiana rehefa misy ny ilana azy, heveriko fa hevitra tsara tokoa izay ary ifampizarana miaraka amin'ny Governemanta sy ny ao amin'ny BNGRC no ahafahantsika mametraka an'izany sao miroaroa saina tokoa ny olona indrindra ianareo Solombavambahoaka ny fangatahana fiaraha-miasa izany ary soso-kevitra raisina antanan-droa.

Raha sitrakao Andriamatoa Filoha, omeko ny mpiara-miasa avy ao amin'ny BNGRC ny fitenenana mba ahafahany manazava ny mikasika ny hoe inona avy ny "catégorie de catastrophes" sy ny fomba fiasan'izy ireo.

Misaotra Tompoko.

«Général de Brigade» ELACK Olivier A, Tale Jeneralin'ny BNGRC

Misaotra Andriamatoa Minisitry.

Misaotra Andriamatoa Filoha nanome fitenenana.

Vao sambany aho tonga tato amin'ity efitra ity ka mamela ahy ianareo raha hanao "présentation", Général de Brigade Elack no fiantsoana ahy.

Amin'izao raha "secrétaire" mpanatanteraka no niantsoana azy teo aloha fa noho ny "statut" vaovao araka ny voalaza ny Mpampakateny teo, lasa nivadika ho "établissement public à caractère administratif" ny BNGRC amin'izao fotoana izao ka ny fiantsoana ny lehiben'ny io "organisme" io dia Tale Jeneraly, fanamarihana ihany izay.

Miarahaba anareo Solombavambahoaka ato amin'ny Antenimerampirenena ary miarahaba ny Teknisiana namana etoana.

Mety hisy fanontaniana ihany angamba hoe ny BNGRC dia ao anatin'ny Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana anefa maninona ny BNGRC no tonga eto satria resa-bola no atao ary tafiditra ao anatin'izany BNGRC.

Araka ny voalazan'Andriamatoa Minisitry ny Toekarena teo fa miara-miasa akaiky ny BNGRC sy ny Minisitry ny Fitantanam-bola na dia ao amin'ny Minisitry ny Atitany aza no misy anay.

Mialohan'ny hamaliako ny fanontaniana na fanampim-panazavana izay ho entiko dia hamaly araka ny tenin'ny Mpampakateny teo ny fanontaniana mikasika ny Birao Nationaly Misahana ny Loza Voajanahary ny tenako.

Telo ny fanontaniana voalaza fa tsy nahitam-baliny dia ny fanontaniana faha-5 sy faha-7 ary ny faha-10.

Averiko ny fanontaniana ary mamela ahy ianareo hamaky izany; ny fanontaniana faha-5 milaza hoe "Inona daholo no hidiran'ny BNGRC lalina amin'ny fanampianana ny fahazoana azy mantsy dia ny resaka rivo-doza no tena hiasany betsaka ao koa nefa ny tranga haitrano ohatra sy ny tadio mahatonga fahafatesan'olona tampoka sy ny trano main'ny varatra ahoana ny momba ireny" tena tsara fipetraka tokoa io fanontaniana io Tompoko.

Ny antony raha ho lazaintsika sanatria tsy hampianatra aho fa mitovy tsara ny "longueur d'onde", mitovy tadin-dokanga isika rehetra; mba ahazahoantsika ny adihevitra izay hatao eto.

Mazava ny anaran'ny "organisme", "Bureau National de Gestion des Risques et des Catastrophes"; «pluriel» ny «catastrophe» izany hoe tsy araka ny heverantsika ny rivo-doza sy ny tondra-drano fa marina tokoa izany fa tafiditra ao anatin'izany rehefa mety ho loza mitranga eto amin'ny Firenena. Saingy mampalahelo hatramin'izay tsy voazava izy io ary misaotra anareo nametraka ny fanontaniana mba ahafahanay ao amin'io birao io manazava azy bebe kokoa.

Araka ny efa voalazako teo tsy miresaka manokana ny rivo-doza sy ny tondra-drano ihany no sahanin'ny BNGRC ka izay no ilazako hoe "Bureau National de Gestion des Risques", ny dikany dia misy "prévention" andaniam-bola fa tsy "médecin après la mort" foana no andoavantsika vola.

Tsy idiran'ny "prévention" fa ny aty amin'ny valiny hoe inona no idiran'ny BNGRC amin'izany, io no tena olana satria efa fantatsika fa miara-miasa amin'ny mpiara-miombon'antoka ny BNGRC; maro izy ireo, misy "association", ao ny "système des Nations Unies" sns...

Raha ankoatran'ny rivo-doza, tsy heverin'ny mpiara-miombon'antoka amintsika ho loza andanian'izy ireo vola ny famalian'izany fa ny fanjakana iray manontolo no mitantana izany raha tsy hilaza fa amin'ity taona ity, mihoatra ny eritreretina iatrehana ny rivo-doza ny vola lany tamin'ny resaka haitrano.

Manaiky ny tenako eto amin'ny fangatahana hoe tonga ao amin'ny birao nasionaly izay misahana ny loza sy tandidon-doza an'ireny traboina vokatry ny haitrano ireny, maro tokoa ny tsy voavaly amin'izy ireny. Tsotra ny antony, voalohany ao ny resaka fiatrehana ny rivo-doza sy ny tsy fahampiana amin'ny ankapobeny.

Inona daholo no idiran'ny BNGRC, ao ny resaka rivo-doza, ny haitrano, ny haitany, ny doro tanety ary ny tranga isan-karazany; izay no mikasika ny valim-panontaniana faha-5.

Ny fanontaniana faha-7 izay nolazaina fa tsy misy valiny, izay milaza hoe "Mahaleo tena ve ny BNGRC eo amin'ny fomba fiasany".

Sahiko ny milaza hoe eny ary manatsara izany ny "statut" vaovao izay ananay fahefana mampiasa ny vola amin'izay lafiny izay.

Ny fanontaniana faha-10 hoe "Moa ve mba hampalaky ny fomba fiasa sy ny famaliana hatraty amin'ny foibe, tsy azo atao ve tonga dia mametraka olona mandray avy hatrany ny olana sy ny fangatahana vokatrin'ny loza izay mihatra".

Ny valiny Tompoko dia efa miezaka ny fitondram-panjakana ary porofo manambara an'izany ny ao Ambovohe izay efa manana "antenne" BNGRC ka ny fametrahana an'io isaky ny Faritra no tanjon'ny BNGRC sy ny fitondram-panjakana fa izany rehetra izany dia miankina amin'ny vola daholo.

Misaotra Tompokolahy, mankasitraka Tompokovavy.

Andriamatoa FILOHA

Mitohy ny fandraisam-pitenenan'ny Solombavambahoaka, mandray fitenenana ny Solombavambahoaka RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol, manaraka azy ny Solombavambahoaka TSIKIVY Adrien aorin'izay ny Solombavambahoaka RAFIDIMANANA.

Andriamatoa RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol

Misaotra Andriamatoa Filoha.

Miarahaba ny Minisitry ny Fitanatam-bola sy ny ekipan'ny BNGRC.

Voaray ity volavolan-dalàna ity ary holanianay ato amin'Antenierampirenenana satria "ratification".

Ny fanamorana ny "procédure" araka ny voalaza teo no tiako ho lazaina.

Ny tenako izao nanao fangatahana fanampiana tamin'ny BNGRC, ny Minisiteran'ny Atitany, ny Minisiteran'ny Fampianarana raha nisy loza nahazo sekoly roa tany aminay iray volana teo izay dia tsy nahitana valiny hatramin'izao kanefa raha araka ny fanazavana izay nataon'ny Tale teo, tafiditra ao anatin'ny hojerena izany.

Izay zavatra izay no iangaviana ny fanamorana ny "procédure" satria efa natao daholo ny fanarahana ny fepetra notakiana amin'izay fahazahoana ny fanampiana avy amin'ny BNGRC izay kanefa efa ho iray volana mahery tsy nahazo valiny i Befotaka Atsimo.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Omena satroka ny Solombavambahoaka RAZAFINANDRASANA Raulan, manaraka izay ny Solombavambahoaka MASY Goulamaly Marie Jeanne d'arc.

Andriamatoa RAZAFINANDRASANA Raulan

Misaotra Andriamatoa Filoha nanome fitenenana.

Ny tiako hotenenina Andriamatoa Filoha, tokony holaniana izy ity satria isika mbola hihaona amin'ny Governemanta rehefa avy eo fa raha misy fangatahana dia manome nomerao finday ny ao amin'ny BNGRC na azo atao koa ny manantona ny biraon'ny BNGRC.

Fangatahana Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Mandray fitenenana ny Solombavambahoaka MASY Goulamaly Marie Jeanne d'arc.

Ramatoa MASY Goulamaly.Marie Jeanne D’Arc

Misaotra Andriamatoa Filoha.

Miarahaba ny ao amin’ny Ministry ny Tetibola sy ianareo eny amin’ny “perchoir” ary ny Solombavambahoaka rehetra.

Andriamatoa Filoha,

Ianareo Solombavambahoaka.

«Ratification» izy ity ka miangavy ny handaniana an’ity fa ny asantsika rehefa avy eo dia ny fihaonana amin’ny Governemanta ka ny fanontanantsika izao afaka hapetraka amin’izay fihaonana izay.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Mandray fitenenana ny Solombavambahoaka SAID ZAKANIAINA Mahafaly Joseph izay voafidy tao Soalala, manaraka Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas ary ny Solombavambahoaka ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa izay voafidy tao Mandriana.

Andriamatoa SAID ZAKANIAINA Mahafaly Joseph

Misaotra nanome fitenenana, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba an’Andriamatoa Minisitry sy ny Teknisiana miara-dia aminao.

Manentana antsika Solombavambahoaka handany tsy misy fepetra araka ny voalaza teo amin’ny maha-“ratification” azy ity.

Marary izahay any Soalala tamin’ny fandalovan’ny rivo-doza teo fa ny teniko dia mikasika ny fisorohana izay efa noresahako “face à face” tamin’ny Governemanta momba ny “digue de protection” any Soalala. Efa ao amin’ny “loi de finances” izy izao fa nisy ny fisorohana tsy ho potika.

Tokony hamafisina io fisorohana io, hatao zava-dehibe amin’ny fananganana ny BNGRC vaovao ity satria efa hita fa zavatra hapitera-doza dia mbola hiandry “loi de finances” sy “projet” ka tonga ihany ny loza. Hita fa hitondra zava-doza amin’ny vahoaka sy ny tanàna dia raiso ny andraikitra mba ahafantsika miaro ny firenenana sy ny vahoaka ka manentana antsika rehetra handany an’ity volavolan-dalàna ity satria fampindramam-bola izy io no efa ao anatin’ny fotoam-pahavaratra isika izao ary mbola ho lava izany. Mino aho fa tsy izaho irery no “victime” amin’io fa isika rehetra koa manentana antsika tsy hanao adihevitra lava fa handany an’ity volavolan-dalàna ity.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa RASIDIMANANA

Misaotra Andriamatoa Filoha nanome fitenenana.

Miarahaba anao Andriamatoa Minisitry ary miarahaba ny Teknisiana namanao.

Ny itsanganako eto dia ny hanazava bebe kokoa mba hafantaratsika ny atao hoe “établissement public”.

Tsy fantatrarao fa misy “procédure” arahina anefa Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène teo niteny hoe ny famoahana ny vola no mampiahiahy antsika. Tsootra ny fomba famoahana vola ao amin’ny “établissement public” ka ny Tale Jeneraly sy ny “agent comptable” dia efa mahavita azy. Asako mantsy “comptable publique” ka mba tsy ananareo Solombavambahoaka ahiahy no antony anazavaiko an’izany ka tokony tsy hanana fisalasalana isika Solombavambahoaka.

Koa manentana antsika handany an’ity volavolan-dalàna.

Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas

Misaotra Andriamatoa Filoha, nanome fitenenana.

Miangavy an’ny Filohan’ny Vondrona IRD aho mba handray fitenenana fa lava loatra ity resaka ity satria mbola maro ny zavatra hataontsika ka miangavy mba tsy hasiana resaka lava fa tsy adala ireo teknisiana izay nanao ity zavatra ity. Andao holanantsika izy ity.

Misaotra tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Tsy afaka hanampi-bava ny Solombavambahoaka namantsika isika.

Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas

Lava loatra Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa FILOHA

Mandray fitenenana ny Solombavambahoaka ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, ny Solombavambahoaka NORBERT ary manaraka azy ny Solombavambahoaka REMI dit DJAO JEAN.

Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa

Saika notsoahako ny fandraisam-pitenenana teo Andriamatoa Filoha.

«Ratification» izy ity ka aleo mba ho fantatsika tsara fa tsy misy zavatra azontsika ary tsy misy zavatra ataon’ireo olona resahantsika ireo na BNGRC na ny Minisitra raha tsy tonga ao io vola io; noho izany, mandany an’ity volavolan-dalàna ity no vahaolana azontsika atao mba hampivaly ny fangatahantsika.

Andao hiroso amin’ny ny fifidianana Andriamatoa Filoha, satria tsy ity irery no zavatra ataontsika androany fa mbola misy fihaonana amin’ny Governemanta rehefa avy eo.

Misaotra Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa FILOHA

Mandray fitenenana, ny Solombavambahoaka REMI dit DJAO JEAN.

Andriamatoa REMI dit DJAO JEAN

Misaotra Andriamatoa Filoha.

Tsotra ihany ny ahy, tsy haiko ny fomba fiasan'ny BNGRC fa any aminay raha misy olona may trano iray na roa dia tsy mahazo vola fa mila maro anefa loza daholo na olona iray na roa may trano; tsy mety ve raha olona iray na roa may trano dia afaka mahazo fanampiana avy amin'ny BNGRC.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Mandray fitenenana Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, manaraka azy ny Solombavambahoaka voafidy tao Marovoay ary mamarana ny fitenenana ny Solombavambahoaka RAHELIHANTA Jocelyne.

Andriamatoa RAKOTONDRAVAO Georges

Manamafy ny tenin'ny Solombavambahoaka DJAO JEAN teo.

Matetika ny tondra-drano no tena ahazahoantsika fanampiana; ho anay ao Marovoay nisy tany Ankarabato trano miisa 70 nirehatra ary mbola nisy ihany koa tany Ankazomborona trano 30 no may tamin'ny volana Aogositra. Hatramin'izao na tamingana fanampiana iray tsy nisy ka lasa eritreritra izahay; ny fangatahana izay nataonay tany amin'ny foibe ve tsy tonga tany sa misy fanavakavahana ity zavatra ity. Raha ny alahelo tsy lazaina amin'ny havana dia zakain'ny tompony ihany ka mampita an'izay izahay fa marary raha ohatra ka trano 70 tsy misy azo raisina noho ny loza niseho.

Mankasitraka fa izay no tiako ambara.

Andriamatoa FILOHA

Omena ny Solombavambahoaka RAHELIHANTA Jocelyne ny fitenenana.

Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne

Misaotra Andriamatoa Filoha.

Ny fananganan-tanana teo hoan'ny "groupe parlementaire" fa tsy ho ahy, azafady indrindra Tompoko.

Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert

Misaotra andriamatoa Filoha.

Miarahaba an'Andriamatoa Minisitra,
Tompokolahy sy Tompokovavy.

Efa ao anatin'ny vonjimaika isika amin'izao fotoana izao ka ity volavolan-dalàna ity, Andriamatoa Filoha, mba tsy hampitarazoka ela loatra ny fandaharam-potantsika izay atao eto dia manentana ny Solombavambahoaka rehetra ato amin'ity lapa ity ny tenako mba handany tsy misy fanovàna ity volavolan-dalàna ity.

Misaotra Tompokolahy, mankasitraka Tompokovavy.

Andriamatoa FILOHA

Mandray fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka FY ary manaraka azy ny Solombavambahoaka RABEMANANTSOA Herilala Jeannot izay voafidy tao Belo Tsiribihina.

Ramatoa RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa

Misaotra Andriamatoa Filoha Lefitra.

Miarahaba an'Andriamatoa Minisitra,
Isika Solombavambahoaka rehetra.

Hitoraka voninkazo anareo ny tenako satria raha nisy fandrodanana trano tany aminay ka nisy olona 226 traboina, nisy vehivavy bevohoka, nisy zazakely dia nomenareo fanampiana izahay ka mankasitraka anareo tamin'ny nanomezanareo izany tany amin'ny Distrikanay. Misaotra indrindra Tompoko ary manasa antsika Solombavambahoaka mba handany ity volavolan-dalàna ity.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa RABEMANANTSOA Herilala Jeannot

Misaotra nanome fitenenana, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba ny mambra ny Birao Maharitra sy ireo Solombavambahoaka namana ary miarahaba koa an'Andriamatoa Minisitra sy ny Teknisiana mpiara-dia aminy.

Mitodika manokana aminao aho Andriamatoa Jeneraly fa Solombavambahoaka voafidy tao Belo Tsiribihina ny tenako, nangataka "vedette" tamin'ny BNGRC noho ny fisian'ny renirano Tsiribihina izay tena isaorana fa rava ny rivo-doza vao nandalo tany aminay fa tsy mitovy ny tany Soalala; raha nitovy tamin'ny fandalovan'ny rivo-doza tany Soalala mantsy ny tany dia nisy loza maro nitranga tany Belo Tsiribihina sy ny Faritra Miandrivazo satria ny olona amin'iny mipetraka amina baiboho daholo mamboly; ka raha mihoatra Tsiribihina lasa nisy famonjena tany.

Izaho no nangataka iny "vedette" naterinareo tany Morondava iny kanefa mipetraka fotsiny ao amin'ny "camp" miaramila ao Morondava ao. Mangataka ny tenanay kanefa tsy misy valiny fa miankina amin'ny Governora, miandry any amin'ny "prefet", tsy fantatra intsony izay tena marina. Andriamatoa Jeneraly, mangataka mba alefa any amin'ny Distrika Belo sy Miandrivazo io "vedette" nomenareo io satria efa tonga ao Morondava ao io "vedete" io fa tsy ho tazomina atao haingon-tanana ao Morondava ao. Morondava anie tsy misy ilàna izany "vedete" izany, tsy misy tondra-drano any. Izahay any raha vao fahavaratra na atỳ ambony fotsiny no mirotsaka ny orana dia mihoatra Tsiribihina ka tratra daholo ny olona mamboly any am-baiboho any ka ilàna famonjena ary anisan'ny mandray andraikitra izahay na tsy manana solika aza ianareo tsy maninina fa mihitsy no hamoaka am-paosy amin'ny fanampiana.

Izahay mbola te-hanao "deuxième mandat", izahay mbola tsy mahafoy ny "ambiance" ato amin'ny Antenimierampirenana ato, Andriamatoa Jeneeraly, ka mba jereo akaiky izahay.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Mandray fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka RAJAOBELINA Lova Herizo, manaraka azy ny Solombavambahoaka RAPHAELIEN Solofoniaina Emilien Narson dit Tano.

Andriamatoa RAJAOBELINA Lova Herizo

Misaotra Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba ny Ministry ny Fitantanam-bola sy ireo Teknisiana avy ao amin'ny BNGRC.

Ny tenanay efa Filohan'ny delegasiona miavaky ny "croix rouge" Malagasy ary efa nisehatra momba izany "gestion des risques de catastrophes" izany.

Ka eto izany izahay, misarika tanteraka anareo ao amin'ny "Direction Générale"-n'ny BNGRC fa mila "séance d'information" izahay, mila "formation" momba ny GRC; amin'izay tsy misy izao fanontaniana maro izao hoe inona no ahafahana mi-"intervenir" fa misy ny fotoana izay tokony ahafahana manao izany.

Faharoa, aleo misoroka toy izay mitsabo na dokotera ary izahay fa sao dokotera aorian'ny fahafatesana eo. Ny "action" rehetra mi-"se référer" amin'ny tantara tany aloha, misy ny "propositionnement" ao aorian'izay; isika manao ny valiny mila ny "immédiat", misy ny resaka "résilience" sy ny karazany.

Mangataka izahay mba hitodika bebe kokoa amin'ny resaka "prévention" isika.

Farany, manentana antsika fa na inona resahantsika eto, rehefa vola tsy misy azo atao fa ho avy ny "séance d'information" hanampy ny fanazavana momba izany. Andao handany ity "ratification" ity.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa RAPHAELIEN Solofoniaina Emilien Narson

Misaotra Andriamatoa Filoha, nanome fitenenana.

Faly miarahaba anareo ary miarahaba ny Minisitry sy ny delegasiona miaraka aminy.

Ambaranay eto fa handany tsy misy fepetra mikasika ity volavolan-dalàna ity satria mahatsapa izahay fa noho ny tsy fahapian'ny fanampiana no mahatonga ny loza voajanahary ireny hatramin'izay ary tokony hojeretsika akaiky izany; tsy tondra-ndrano ihany no tena jerena fa ny loza voajanahary tahaka ny rambon-danitra izay vao nandalo teto Madagasikara izay tokony hatao vaintohan-draharaha; maro koa ny sekoly simba, ny tranon'olon-tsootra ary ny haintrano. Vonona izahay handany ity lalàna ity mba ahafahantsika hivalapatra hanatanteraka ny adidy sy ny andraikitra ho an'ny vahoaka Malagasy ka manentana antsika Solombavambahiaka rehetra mba tsy hisalasa handany ity.

Misaotra Tompokolahy, mankasitraka Tompokolahy.

- 6 -

- Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-008/2019 -

Andriamatoa FILOHA

Izao isika dia hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana fa 008/2019 tamin'ny 20 novambra 2019 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du programme Catastrophe Deferred Drawdown Option (CAT DDO) entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement (AFD)*».

Tsara ny manamarika ary ampatsihiavina antsika fa araka ny ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena ao amin'ny andininy faha-158, mikasika ny "ratification" rehetra dia tsy afaka manova ny andininy isika fa na ankatoavina na tsipahana na ahemotra ny fandihana azy.

Manarak'izany koa, ampiasaintsika koa ny andininy faha-90 amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena izay mandany amin'ny ankapobeny ny volavolan-dalàna.

Koa izay mandany ity volavolan-dalàna ity, iangaviana hanangan-tànana.

- Solombavamhoaka miisa 79 no nanan-gatànana -

Izay mitsipaka

-Tsy misy-

Izay tsy milaza ny heviny

-Tsy misy-

Ambarako fa lany teto anivon'ny Antenimierampirenena ny volavolan-dalàna laharana faha-008/2019 tamin'ny 20 novembre 2019 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du programme Catastrophe Deferred Drawdown Option (CAT DDO) entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement (AFD)*».

Mankasitraka ny Solombavambahoaka nandray izay fanapahan-kevitra izay ary mitodika manokana amin'Andriamatoa Tale Jeneralin'ny BNGRC mitondra ny teny fiarabana amin'ny nisondrotanao mari-boninahitra sy galona ho Jeneraly ka mirary soa anao ny Antenimierampirenena, Andriamatoa Tale Jeneraly, hahavita ny adidy aman'andraikitra izay miandry anao eto amin'ny firenena satria marefo ny fiaraha-monina Malagasy ka rehefa misy loza mihatra na manjo dia mila fanampiana hatrany.

Raha manan-kambara ianareo avy ao amin'ny BNGRC sy ianareo eo anivon'ny Governemanta mikasika ny fahalanian'ity volavolan-dalàna ity dia omena anareo ny fitenenana Tompoko.

Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola

Tsy misy teny ambara firy, Andriamatoa Filoha, fa fisaorana anareo rehetra nandany ity volavolan-dalàna satria fantatra fa mitsinjo izay mahasoana ny firenena ianareo ary izay no zava-dehibe indrindra.

Ny tiako holazaina fotsiny dia ezaka be no nataontsika mba nahafahana tonga amin'izao "stade" izao; fantatra fa efa ho tapitra ihany ny fe-potoana iasanareo ary nekenareo soa amantsara ny nandaniana izany androany. Midika izany fa misy tokoa ny fiaraha-miasa ary faly sy ravo ny vahoaka Malagasy amin'izao dingana izao. Tsy misy maniry loza hitranga akory sanatria fa enga anie ka tsy hisy ny rivo-doza, ny haintany, ny zavatra hanahirana ny vahoaka amin'ny ankapobeny saingy indrisy eto an-tany isika.

Marina tokoa ny lazainy Solombavambahoaka teo hoe ny lafiny "prévention" no tsy maintsy hametrahantsika ny ezaka manaraka ary izay no anaovantsika ity asa ity ka misaotra, Andriamatoa Filoha, misaotra anareo Ramatoa sy Andriamatoa Solombavambahoaka isany.

Andriamatoa FILOHA

Mitohy hatrany ny asantsika eto anivon'ny Antenimierampirenena, isaorana ianareo Andriamatoa Minisitry sy ianareo Teknisiana ambony miaraka aminy.

Raha ohatra ka iarakana hiasa aminay eto ianareo, omena toerana ara-dalàna fa raha ohatra ka mbola misy adidy sy andraikitra sahaninareo dia tsofina rano ianareo higodogodona hamonjy izany.

"Général de Brigade" ELACK Olivier A, Tale jeneralin'ny BNGRC

Azafady Tompoko, inty ny nomerao ny findaiko "034 05 503 60".

Misaotra indrindra Tompoko amin'ny fiarahabana izay nataonao teo, Andriamatoa Filoha.

Misaotra Tompoko.

- 7 -

- Famakiana ny tatitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-009/2019 -**Andriamatoa FILOHA**

Izao isika Solombavambahoaka, hiroso amin'ny fandinihana ny volavolan-dalàna laharana faha-009/2019 tamin'ny 4 desambra 2019 «relatif à la lutte contre la violence basée sur le genre».

Koa iangaviana ny Mpampakatenin'ny Vaomiera hiakatra ety aloha hamaky ny tatitra momba izany.

Mangataka antsika avy eo anivon'ny arofenitra hampiditra ny mambran'ny Governemanta izay miandraikitra sy ireo izay voakasika amin'ity volavolan-dalàna ity.

Omena anao ny fitenenana, Ramatoa Mpampakateny.

Ramatoa MASY Goulamaly Marie Jeanne D'Arc

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba anareo mpitarika eny ambony.
Miarahaba ny Solombavambahoaka namana rehetra ihany koa.

Alohan'ny handraisako fitenenana, ny teknisiana izay misahana ity ve tsy tokony ho eto, Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa FILOHA

Tena marina izay Ramatoa Mpampakateny. Raha sitrakao, andrasantsika ny Minisitra sy ny teknisiana miaraka aminy.

Iangaviana hatrany isika avy ao anivon'ny arofenitra mba hampandroso ny teknisiana, indrindra ireo Minisitra voakasika ity volavolan-dalàna laharana faha-009/2014 tamin'ny 4 Desambra 2019 «relatif à la lutte contre les violences basées sur le genre» ity.

Teto dia Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques indray no nitarika ny fivoriana.

Andriamatoa FILOHA

Eny Tompokolahy sy Tompokovavy, mino aho fa efa eo ampakana toerana daholo ireo vahinintsika dia ireo avy ao amin'ny Governemanta sy ny teknisiana miaraka aminy. Isika Solombavambahoaka ihany koa, iangaviana samy haka toerana azafady indrindra.

Mamerina ny fiarahabana anareo Minisitra telo mianadahy izay voakasika amin'ity volavolan-dalàna ity. Efa eo ianao Ramatoa Mpampakateny, eo koa ny namana avy amin'ny Governemanta; afaka miroso amin'ny fitondrana ny teny izay tapakareo tao amin'ny vaomiera isika Tompoko.

Omena anao ny fitenenana, Ramatoa Mpampakateny.

Ramatoa MASY Goulamaly Marie Jeanne D'Arc

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba ny mpikambana ao amin'ny Governemanta izay tonga eto ary ny teknisiana rehetra.

Miarahaba anareo Birao Maharitra rehetra;
Ianareo Solombavambahoaka namana;
Ianareo mpanao gazety sy ianareo manatrika izao fivoriana izao.

Tatitra nataon-dRamatoa MASY Goulamaly Marie Jeanne D'Arc, "Présidente de la Commission du Genre et de Développement".

Nivory ny Alarobia faha-11 Desambra 2019 tamin'ny 5 ora, hariva, ny Vaomiera mitambatra izay niarahan'ny Vaomieran'ny Mponina sy ny Fiahiana ara-tsosialy, ny Vaomieran'ny Lalàna ary ny Vaomieran'ny Miralenta sy Fampandrosoana nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-009/2019 tamin'ny 4 Desambra 2019; «Relatif à la lutte contre les violences basées sur le genre».

Ramatoa MASY Goulamaly Marie Jeanne D'Arc, Filohan'ny Vaomieran'ny Miralenta sy Fampandrosoana no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomiera mitambatra tonga nanatrika ny fivoriana:

Andriamatoa sy Ramatoa isany

1-MASY GOULAMALY Marie Jeanne d'Arc

2-IDEALSON

3-JOHASY Eléonore

4-RASOAZANANERA Marie Monique

5-BAOFENO Micheline

Ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana.

Andriamatoa sy Ramatoa isany:

1-TSARADIA Marco

2-RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta

Ireto kosa ireo teknisiana tonga nisolotena ny Governemanta:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1-RAKOTONIRINA Miarisoa Patricia

MPPSPF/SG

2-RAKOTOMAMONJY Anja H.

DGPS/MPPSAF

3-RAKOTOZANAKA Joel Desire

Inspecteur MPPSPF

4-NARIJAONA Elda

Coordonateur ACAM

5-RANDRIAMIARIMISAINA Rivoson

PRMP/MPPSPF

6-RAHARINAIVOSON Hoby N

DSSP/MPPSPF

7-RAHOLY MALALA Jozette

DPFG

8-RATSITOHAINA Mirindra

DGFG

9-RAZAFINTSALAMA Tsirinomena N

DGM

10-RAKOTOMALALA Nadia

DRL/Min Jus

11-RANDRIANARIVO A. TRACY Jessica

SL/DR/Min Jus

12-RAMAVOARINOROSOA Dio A.J

SV/DR/Min Jus

13-RAKOTONIRINA Vololoniaina

Chef SL/DRL/Min Jus

14-RATSIMBARISON Elvine

AT.SG/MPPSPF

15-RAKOTODRAJERY R.Salohy

TAGJER/Min jus

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Ramatoa Filoha dia nomeny ny teknisiana avy hatrany ny fitenenana mba hanazavan'izy ireo ny antonananton'ity volavolan-dalàna.

Nambaran'ireo teknisiana fa noho ny ny fahitan'izy ireo ny salan'isa navoakan'ny INSTAT ny taona 2018 izay milaza fa ny 14%-n'ny vehivavy eo anelanelan'ny 15 taona ka hatramin'ny 49 taona dia iharan'ny herisetra, ny 32% amin'izany dia iharan'ny herisetra ara-nofo, 15% tratran'ny herisetra ara-batana ary ny iray ampaha-efan'ny vehivavy ao anatin'ny tokantrano dia iharan'ny herisetra avokoa. Izany rehetra izany no tena nanosika ny avy ao amin'ny Governemanta nanolotra ity volavolan-dalàna ity.

Mbola nambaran'ireo teknisiana, fa ho fiarovana ireo olona iharan'ny herisetra sy fanasaziana ireo izay minia manao izany herisetra izany no isan'ny fotokevitra ijoroan'ity volavolan-dalàna ity.

Maro ireo heloka momba ny herisetra izay tsy voarafitra ao anatin'ny "code pénal" ka ho fisorohana izany no antom-pisian'ity volavolan-dalàna ity ary misy ihany koa ny fandraisana an-tànana ireo olona izay iharan'ny herisetra.

Mbola nilaza ihany ireo teknisiana, fa nandritra ny fanatanterahana sy ny fandrafetana ity volavolan-dalàna ity dia nisy ny fakana ny hevitr'ireo mpisehatra maro toy ny "société civile", ny Minisitara sns...

Manoloana ny fisorohana izay hatao momba ny herisetra dia ampahafantarina ny sazy mba hanana "effet dissuasif" kokoa ny lalàna, ny ny "principe" no mametraka fa "domaine règlementaire" no manao ny "structure" momba izany.

Nambaran'izy ireo ihany koa, fa ny "amende" dia miditra amin'ny fanjakana, fa ny "dommages intérêts" kosa miditra amin'ny iharan'ny herisetra. Notsindrian'ireo teknisiana fa araka ny andininy faha-15 ao anatin'ity volavolan-dalàna ity dia manery ny fanjakana hametraka ny politika nasionaly manohitra ny VBG ary ny "action de prevention" dia miankina tanteraka amin'io politika io. Nomarihin'izy ireo ihany koa, fa efa nisy ny "mécanisme national de lutte contre les VBG" izay efa natao talohan'ity volavolan-dalàna ity".

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fifanankalozan-kevitra ireo mpivory.

Mialohan'izany rehetra izany anefa nisaotra ireo teknisiana sy ny Minisitara ireo Solombavambahoaka tamin'ny fanoloran'izy ireo ity volavolan-dalàna ity satria tena zava-dehibe eo amin'ny fiainam-bahoaka ary efa ela no niandrasana azy.

Nilaza ireo Solombavambahoaka fa maivana ny sazy ampiharina amin'ireo izay manao ny herisetra kanefa hita fa tena zava-doza ary tsy mifanaraka amin'ny soatoavina Malagasy ny tranga toy itony.

Nanamarika ihany koa izy ireo, fa tokony hofaritana mazava tsara ato anatin'ity volavolan-dalàna ity ny karazan'ny heloka toy ny "crime" na "délit" no sokajy hametrahana ny VBG.

Notsindrian'ireo Solombavambahoaka, fa tokony hatao lalàna daholo ny pitsopitsony amin'ny antsipiriany momba ity volavolan-dalàna ity ary tsy tokony hasiana teboka hatao amin'ny alalan'ny «voie règlementaire» izay mora ovaina satria zava-dehibe loatra ny fisian'ny dingana toy izao ary efa fanao amin'ny sehatra hafa izany, toy ny lalàna momba ny serasera. Mahita ireo Solombavambahoaka, fa herisetra amin'ny ampahany ihany no voarafitra amin'ity volavolan-dalàna ity, fa tsy ireo herisetra rehetra. Raha ao amin'ny sehatry ny fiompiana no jerena dia misy lalàna mifehy ny tsy fahazoana mamono ny ombivavy ohatra, vao maika ve ny famonoana olona amin'ny daroka na herisetra. Noho izany indrindra no tokony hijerena fotoana malalaka mba hahafahana mandinika sy manatsara bebe kokoa ity volavolan-dalàna ity.

Mbola nilaza ireo Solombavambahoaka, fa tsy avy hatrany dia sazy no hita ato anatin'ity volavolan-dalàna ity. Tsara hoy izy ireo ny hampidirantsika ny fisorohana ny herisetra, toy lafiny fanabeazana sy ny fanomezana fahaleovatena ny vehivavy mialohan'ny fanasaziana. Teo ihany koa ny filazana, fa tokony hisy ny fampitana amin'ny lalàna misy amin'ireo firenena hafa any Afrika sy "Inde" ohatra izay ahitana fanavaozana lehibe sy feno fahasahiana.

Anisan'ny fanamarihana ihany koa ny tokony hisian'ny fepetra mametraka "discrimination positive" sy ny momba ny serasera ho fisorohana sy hamerenana ny toerana sy ny hasin'ny vehivavy. Eo ihany koa ny tokony hanafoanana ny fanavakavahana noho ny antony maha vehivavy na maha lehilahy eo amin'ny sehatry ny fampananan'asa.

Raha izao volavolan-dalàna natolotra izao dia ny lafiny fanasaziana no tena misongadina ao, ka raha holaniana dia tokony hovaina araka izany ny lohateny satria betsaka ny lafiny hafa tsy hita taratra eto.

Nisongadina nandritra ny fifanakalozan-kevitra ihany koa fa misy fifamenoana eo amin'ireo lalàna velona, ka mba hisorohana amin'ny fifandikana no nahatonga ity volavolan-dalàna ity manana endrika tsy fahafenoana eo amin'ny sazy, famaritana ary ny fisoroana.

Fanamarihana avy amin'ny mpivory

Nanamarika ireo tekisiana, fa tokony hiroso amin'ny fandaniana ity volavolan-dalàna ireo Solombavambahoaka satria betsaka loatra ireo fitarainana azo eny anivon'ny manampahefana isan'ambaratongany ka tsy hita ny lalàna ahafahana mameno ny «vide juridique».

Voalaza ihany koa fa efa lalàna lasitra na «loi cadre» ny ao amin'ny Minisitery izay efa nakana hevitra tany amin'ny faritany ary mbola hatolotra amin'ny taona ho avy.

Mbola nanamarika ihany ireo tekisiana, fa ho vatsian'ny Banky Iraisam-pirenena vola io sehatry ny ady amin'ny herisetra io, ka tsara ny fandaniansika ity volavolan-dalàna ity mba ho tratra ny famatsiam-bola antenaina amin'izy io.

Nanamarika ireo Solombavambahoaka fa tena zava-dehibe ity volavolan-dalàna ity, kely dia kely anefa ny fotoana nandiniana izany, ka tsara raha ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fandiniana azy ary satria koa tampoka ny fampidirana ny fandiniana azy tao anatin'ny lahadinika teto amin'ny Antenimierampirenena ka vitsy dia vitsy ny Solombavambahoaka. Izany hoe, iray ihany no mety ho nanapakevitra kanefa maro ireo tokony haneho hevitra mahakasika azy ity, indrindra ireo Solombavambahoaka vehivavy sasany tsy afaka nanatrika teo. Tsy ny mpamatsy vola avy any ivelany no atao hibaiko antsika eto Madagasikara amin'ny fandaniana ny volavolan-dalàna izay hihatra eto amintsika.

Nanamarika ireo tekisiana fa raha izay no fanapahan-kevitra farany dia tokony hitondra ireo fanitsiana sy fanatsarana heveriny hatao ny avy ato amin'ny Antenimierampirenena amin'ny fotoana handiniana azy manaraka.

Marihana fa teny am-piandohana, rehefa nandinika ireo Solombavambahoaka dia tapaka fa tokony ny Vaomieran'ny Miralenta sy Fampandrosoana no handinika «au fond» ity volavolan-dalàna ity, noho ny maha Filohan'izany Vaomiera izany an-dRamatoa MASY Goulamaly Marie Jeanne D'Arc, no nahatonga azy nitarika ny fivoriana.

Taorian'izany dia nanapakevitra ireo Solombavambahoaka tonga nanatrika ny fivoriana fa ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fandinihana ity volavolan-dalàna laharana faha-009/2019 tamin'ny 4 Desambra 2019 «relatif à la lutte contre les violences basées sur le genre» ity.

Nifarana tamin'ny 7 ora sy 15 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

Misaotra, Tompoko.

- 8 -

- **Adihevitra ankapobeny** -

Andriamatoa FILOHA

Misaotra ny Mpampakateny isika nitondra izay tatitra izay. Marihana fa araky ny fanapahan-kevitra tany amin'ny asam-baomiera dia ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fandinihana ity volavolan-dalana ity, koa raha ohatra ekentsika izay fanapahan-kevitra tany amin'ny asam-baomiera izay dia iangaviana isika hanangan-tànana mikasika izay fanemorana ny fandinihana ity volavolan-dalàna ity izay.

Ramatoa MASY Goulamaly Marie Jeanne D'Arc

Azafady, Andriamatoa Filoha, alohan'ny hanontaniana ny hoe hahemotra sa tsy hahemotra.

Ny tenako izany no sady nitarika no nanao ny tatitra noho ny tsy fahampian'ny isan'ny Solombavambahoaka tao amin'ny vaomiera.

Amiko zava-dehibe loatra ity; apetrako aminareo Solombavambahoaka izay manatrika eto, fa zava-dehibe loatra amintsika ny hahalany ity lalàna ity satria raha naneho hevitra ny teknisiana dia resy lahatra ny tenanay fa ilaina satria mbola tsy ananantsika izy ity amin'ny lafiny maro kanefa tsy afaka nanapakevitra ny tenanko izaho irery mba tsy ho tomponandraikitra kanefa lalàna tokony hiarahan'ny besinimaro holaniana izy ity.

Koa izay no hevitra, amin'ny maha Filohan'ny Vaomiera ahy, tiako ny hahalany azy ity androany kanefa miankina aminareo Solombavambahoaka rehetra ny haharesy lahatra na holaniansika sa tsia izy ity.

Misaotra betsaka.

Andriamatoa FILOHA

Izao angamba no hanaovantsika azy: ny tany anivon'ny asam-baomiera dia nandray fanapahan-kevitra hoe ahemotra. Isika eto amin'ny fivoriambe aloha, ny fanapahan-kevitra voalohany hatao dia hoe hotohizana ve izy ity sa hanaraka izay asam-baomiera izay isika, hanemotra ny fandinihana azy. Izay angamba no hotapahana voalohany, manangan-tànana isika izay milaza fa hotohizana ny fandinihana azy. Omeo ny isa.

Ramatoa MASY GOULAMALY Marie Jeanne D'Arc

Azafady, Andriamatoa Filoha, mbola mangataka indray mandeha aho. Alohan'ny hiresahantsika an'izay satria ianareo tsy tao amin'ny fanaovana ny asam-baomiera, mety tsy dia azontsika an-tsaina tsara ny tena votoatin'ity lalàna ity. Raha mety alohan'ny hanapahantsika hevitra, omentsika fitenenana angamba ny teknisiana manazava kely. Raha mety, Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa FILOHA

Tsy mbola afaka miroso amin'izay aloha ny teknisiana fa tsy maintsy ny asam-baomiera aloha no hotapahantsika, andraisantsika fanapahan-kevitra ny asam-baomiera hoe hanemotra ny fandinihana. Tsy maintsy izay aloha no hotapahan'ny fivoriambe hoe hanaja ny tapaky ny asam-baomiera ve sa handray fanapahan-kevitra mifanohitra amin'izay. Aorian'izay na mitohy na mijanona amin'izay fanemorana izay. Izany no voalazan'ny Fitsipika Anaty mifehy antsika ato Antenimerampirenena.

Atsangano ny tanaan'izay manaiky.

Omena satroka ny Solombavambahoaka VELONTSARA Paul Bert, rehefa avy eo ny Solombavambahoaka TSARADIA Marco. Manaraka izay ny Solombavambahoaka RAZAFINANDRASANA Raulan.

Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba anareo, Andriamatoa Minisitra isany sy Ramatoa Minisitra.

Andriamatoa Filoha, nametraka ny vaomiera isan-karazany isika ary voafaritra ao anatin'ny Fitsipika Anaty izany ary izy ireo nomensika fahefana feno handinka ny pitsopitsony sy lalindalina kokoa mahakasika ny "projet" na "proposition de loi" rehetra mandalo ato amin'ny Antenimierampirenena. Mazava ny tatitra henonay teo, nanapakevitra ny asam-baomiera fa hahemotra noho ny antony araky ny fahintan'izy ireo azy tany ny fandinihana azy ity.

Eto amin'ny "séance plénière", nanana fotoana lavabe nanapaka izay, Andriamatoa Filoha ny ato na ny vatan'ity lalàna ity anie ka tsy hitanay, tsy hitanay vatan'ity "projet de loi" ity, ka izahay, Andriamatoa Filoha, aleo handinika tsara, hanaraka izay tapaky ny asam-baomiera. Izay, Andriamatoa Filoha.

Misaotra Tompokolahy.

Mankasitraka Tompokovavy.

Andriamatoa FILOHA

Omena fitenenana ny Solombavambahoaka TSARADIA Marco.

Andriamatoa TSARADIA Marco

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Lasa aloha ny an'Andriamatoa Filohan'ny Vaomiera teo, marina ny azy, fa Ramatoa Filohan'ny Vaomiera nanana ny zavatra noteneniny izy teo mikasika azy ity.

Satroka no nataoko teo, fa tiako hazavaina kely, ilain'ny firenenentsika izy ity, tapitra rahampitso ny fivoriantika. Isika tsy mbola manana lalàna ohatra ity. Ny zavatra mampiahiahy ao anatin'io raha ny henoko teo dia lazaiko eto fa tsy marina. Tsy misy izany resaka mampiahiahy antsika izany ao anatin'io, ka fananganan-tànana no hataontsika, Andriamatoa Filoha, mba manipy izay hevitra izay ihany aho hoe tsy misy zavatra tokony hampiahiahy, fa afaka miroso isika raha hiroso amin'ny fandinihana azy.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Ny Solombavambahoaka manaraka.

Andriamatoa RAZAFINANDRASANA Raulan

Izay mampiahiahy izay aloha no tokony ho fantatra, satria ny fanaontsika ato rehefa tsy ampy ny mpivory dia miato 30 minitra ny fivoriana noho ny tsy fahampian'ny fetr'isa, avy eo mandray fanapahan-kevitra. Amiko izay volavolan-dalàna heverina fa tokony holaniana dia laniana satria ho tapitra rahampitso ny fivoriana, moa ve ity lalana iray ity indray no hanaovana fotoana hafa ny handaniana azy. Mba tokony hojerena ihany ny fahasahiranana'ny fanjakana ara-bola satria raha tsy holaniana ity dia hanaovana "extra" indray hahafahana mandany azy. Inona no mampiahiahy ao anatin'ny no tsy resahina ampahibemaso eto satria ato anatin'ny "séance plénière" isika izao. Heveriko fa tokony hatao ihany ny fandinihana, raha azo atao izay.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Ny Solombavambahoaka hajaina IDEALSON, aorian'izay ny Solombavambahaka Nicolas, manaraka ny Solombavambahoaka voafidy tao Marovoay.

Andriamatoa IDEALSON

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa Filoha, ianareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra,
Andriamatoa sy Ramatoa Minisitry ireo teknisiana ambony miaraka aminy.

Izahay izao no ao amin'ny Vaomieran'ny Lalàna ary nanatrika ny adihevitra na ny fijerena hoe ny zavatra tokony ho tafiditra hanaovana lalàna ve io na tsia.

Alohan'ny hanombohako fitenenana, lany fotoana isika manemotra lava ity no lalàna voalohany natao teto raha ny nisian'ny Repoblika. Tsy misy lalàna tena tsara, tsy misy koa lalàna tena ratsy, fa ny fampiharana azy, ka azo hatsaraina miandalana ny lalàna. Raha nahita lesoka isika tamin'ny nampiharana azy voalohany dia hita ny hanatsarana azy, tsy hitako ny antony hanemorana azy. Raha ny resaka fanasaziana izay natao hoe izay no tena nipetraka. Tsapa izany, azo atao izay zavatra izay satria misy koa ny fehezan-dalàna famaizana. Mety hifangaro io, izay no mahatonga azy tsy nosoratana mivantana tao anatin'ny lalàna tao. Nitandrina kokoa ny nanaovana an'izay, raha fijery amin'ny ambangovangony, amin'ny ankapobeny hoe mety ve io lalàna io.

Azontsika anombohana io, raha ohatra ka io no lalàna voalohany, iadiana amin'ny resaka herisetra momba ny vehivavy. Sao dia zavatra hafa indray no andikana izay hoe te-hijanona ao anatin'ny fampanjakana ny herisetra ve ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara no mbola tsy vonona ny Solombavambahoaka.

Faharoa manaraka izay, izaho dia manohitra ny fanemorana satria andavan'andro raha misy fiantsoana asa any anivon'ny vaomiera; miala tsiny aho raha hotohina amin'izay isika, tsy dia mbola marisika isika Solombavambahoaka manatrika izay. Efa naverimberin'ny Filohan'ny Antenimierampirenena hoe isika rehetra mitongava handinika ny lalàna rehetra misy eto dia lazaina izany ve fa ny tsy fisian'ny olona tao no anemorana azy kanefa nisy teknisiana tany anivon'ny Governemanta nandany fotoana, nandany vola, nandany sy niady an'io lalàna io. Matoa tonga ary nodinihina tany amin'ny vaomiera ary matoa tonga ary nodinihina eto holaniana eto dia mino izahay fa andao mba tsy ho fotoana very fotsiny ny andalovan'ny lalàna ety amin'ny Andrimpanjakana izao. Amin'izay mba misy asa vita, fa tsy misy tatitra hatao any amin'ny vahoaka. Azo hatsaraina io lalàna io, ka nieritreritra izahay hoe andao mba holaniana ka hotohizana amin'izay. Izany no hevitrany. Nanatrika tao ny tenanay, afaka manome izay hevitra izay.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Solombavambahaka namantsika tato io Minisitry ny Mponina io, raha hitantsika fa mety, tsy adala daholo akory ireto Solombavambahoaka ato ireto Rehefa hitantsika fa mety ny ataony, tsy adala akory ireo Solombavambahoaka maro ireo, andao holaniansika izy ity. Lasa mandany fotoana fotsiny isika kanefa tokony mbola hiresaka mikasika ny lalana mankany Ambatondrazaka avy eo. Miangavy anareo Solombavambahoaka namana aho, aza mandany andro intsony, fa andao holaniansika izy ity.

Andriamatoa FILOHA

Omena fitenenana ny Solombavambahoaka voafidy tao Marovoay

Andriamatoa RAKOTONDRAVAO Georges

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Mamerina ny arahaba ho anareo avy ao amin'ny Minisitery.

Ny hevitra tera-bary, samy manana ny azy, ka na ireo namana tao anaty vaomiera aza efa maneho ny fisalasalana. Zava-dehibe ity zavatra ity, ka tsy tokony halefa fotsiny amin'izao ny fandania azy satria mila fantatra avokoa ny zavatra rehetra ao anatiny. Aoka mba hapetraka amin'ny maha zava-dehibe azy ity volavolan-dalàna ity, fa tsy hahemotra lava ny fandinihana azy. Misy ireo volavolan-dalàna sasany nahemotra tato amintsika rehefa hita fa mila fandinihana lalindalina kokoa. Amiko, tsy fahotana mihitsy ny fanemorana ny fandinihana an'azy ity. Mankatoa izany ny tenako amin'ny fanemorana ny fandania ity volavolan-dalàna ity.

Andriamatoa FILOHA

Mandray fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka voafidy tao Mahanoro. Manaraka azy, Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine. Aorian'izay ny Solombavambahoaka REMI dit DJAO Jean. Manarak'izay ny Solombavambahoaka HENRI Jrean Michel. Mamarana azy ny Solombavambahoaka JOHASY RAHARISOA Eléonore.

Andriamatoa RAKOTOSON Hubert

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba an-dRamatoa Minisitry sy ireo mpiara-miasa aminy.

Ho anay manokana, lany fotoana mifamezivezy foana isika ato amin'ity Lapa ity. Tsy io lalàna tokana io indray no hiverenantsika ato, fa mba zavatra hafa indray. Raha ny fahitako azy, tsy dia misy antony loatra tokony tsy handaniansika azy. Marina fa niteny ny Filohan'ny Vaomiera hoe tsy tratra ny isa ilaina amin'ny handraisana fanapahan-kevitra kanefa efa voadinika izy ity. Noho izany, manentana ny Solombavambahoaka namana aho handany azy ity mba hitsitsiana ny fotoana, ka mba zavatra hafa indray no hatao lahadinika amin'ny fotoana manaraka.

Mangataka amin'ireo namako aho, Andriamatoa Filoha, mba handany azy ity.

Misaotra Tompoko.

Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Faly miarahaba anareo avy ao amin'ny Minisitry ary miarahaba antsika rehetra ihany koa.

Manohy ny tenin'ny Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna teo aho satria anisan'ny nanatrika ity asam-baomiera ity. Araka ny voalaza teo, maro ny adihevitra tao.

Voalaza tao fa tsy feno ny lalàna sns... saingy samy nanazava na ny tao amin'ny Minisiteran'ny Mponina na ny tao amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana, ka hita tamin'izay fa izay tsy hita tao amin'ity lalàna ity, efa hita any amin'ny lalàna efa mipetraka saingy miparitaka fotsiny. Izay no naharesy lahatra ny tenako hoe tsy maintsy laniana izy ity. Raha tsy diso aho, omena antsika ireo lalàna mifameno amin'ity lalàna ity rehefa lany.

Efa noresahana ny mikasika izany herisetra izany. Lazaina etsy sy eroa izany kanefa mbola tsy nisy lalàna miaro azy. Lasa fandanium-potoana ihany ny fiadiana amin'ny herisetra raha tsy misy lalàna miaro, ka andao hofidiansika izy ity.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa REMI dit DJAO JEAN

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Tsy manaiky ny voalazan'ny Solombavambahoaka teo hoe laniana aloha ary amboarina avy eo ny tenako. Tsy mety amboarina izany ny lalàna, fomba ahoana no anamboarana lalàna. Zavatra mbola tsy nisy teto amin'ity tany ity izany lalàna amboarina izany.

Mila fandinihana tsara ny manao lalàna mba tsy hanenenana amin'ny ho avy. Tsy mety izany hoe maika isika ka andao holaniana izy ity. Mety hanenina isika rahampitso hoe maninona no natao toy iny ny lalàna. Handray ohatra iray tamin'ny zavatra efa hitako aho, tato amin'ity Lapa ity, nanao "proposition de loi" ireo Solombavambahoaka teo aloha hoe: tsy ekena ny famonoana olona. Amin'izao anefa, mila lalàna mamono olona ny Dina rehetra satria tsy mety ny olona tratra nangalatra ka hovooina. Tsy io no lalàna natao. Amboary io fa tsy mety satria ny mamono olona tsy maintsy hogadraina. Satria lalàna atao haingana izy io hoe raha tsy mamono olona anefa misy fotoana ilaina ny mamono olona satria tratra nangalatra omby izy. Izy nangalatra omby io koa mety mamono olona kanefa tsy eken'ny lalàna koa ny hamonoana azy. Izay no olona.

Ao anatin'izay hoe hatsaraina ny lalàna. Ianao ihany no manatsara lalàna, fa ny "Magistrat" tsy afaka manatsara lalàna, fa mampihatra fotsiny fa tsy afaka hajainao iny lalàna iny. Ny Solombavambahoaka no manao lalàna, manatsara, mamafa, mamelona izany lalàna izany. Eto aho miteny manaraka hoe: tokony hadihadiana tsara ity raharaha ity. Amboarina fa tsy hoe mandeha ho azy io, ka rahampitso handinika isika, ka hiteny hoe amboary koa ity. Tsy mety izay. Aleo amboarina aloha, dinihina, tsy maikamaika. Mbola maro isika ato. Mbola 4 taona ange isika no ho ato, mbola 5 taona. Inona no mahamaika tsy maintsy anaovana ity raharaha ity. Tsy hitako ny mahamaika amin'izany. Aleo amboarina; na isika eto aza, milaza koa ny sasany teo hoe ianareo tsy tonga tao amin'ny asam-baomiera. Ireo olona rehetra ireo samy mpikambana ao amin'ny vaomierany. Aza ambaniana ny Solombavambahoaka fa tsy mety. Raha ny tsiambaratelontsika Solombavambahoaka na tsy mivory; aza ambara an'ireo Governemanta ireo, aza ambara an'ireo mpanao gazety sy "radio" ary televiziona ireo raha mety. Isika tompony ve dia hanalabaraka ny tenantsika ihany koa. Ato, olona "Magistrat" any no milaza fa ianareo tsy mivory.

Angatahina ianao, Ray aman-dReny, zandrilahy mba ho lasa Minisitra ho naman'izy ireo any, fa izahay ato aza ambaniana. Matoa izahay tsy mivory dia mety misy antony, fa aza terena hoe isika tsy mivory. Raharaha tokantranontsika izany.

Aza ambaniana ny Solombavambahoaka. Ianao niteny ireto Governemanta ireto ho tsy manana tsiambaratelo izy ireo. Tsy miteny ny tsiambaratelo izy ireo; na ny namantsika lasa Solombavambahoaka ireo, tsy hilaza hoe izao koa anie ny tsiambaratelonay ato. Tsy lazain'izy ireo izany, ny "secret"-ntsika tsy mivory. Manao "huis-clos" isika dia manao izany; vonona ny hamaly anao aho raha ilaina izany; fa tsy hoe ny adihevitra ataontsika rehetra ato hanamaivanana ny lanjan'ny Solombavambahoaka. Mivory ihany ny Solombavambahoaka. Izy maro be io, ka lazaina fa tsy mivory. Mivory ny Solombavambahoaka. Tsy halana baraka izahay. Matoa nofidian'ny olona isika rehetra dia samy Solombavambahoaka.

Koa eto aho, mangataka aminareo Solombavambahoaka tsy mbola holaniana izy ity. Mbola hodinihina aloha. Mbola havadibadika, amin'izay isika vao mandany azy amin'ny manaraka.

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle indray no nitarika ny fivoriana teto.

Andriamatoa FILOHA

Mandray fitenenana manaraka, Ramatoa Solombavambahoaka hajaina JOHASY Eléonore. Rehefa vita ny azy dia mandray Andriamatoa JEAN Michel Henri; rehefa avy eo Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne.

Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore

Misaotra nanome ny fitenenana, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba anareo ao amin'ny Birao Maharitra.

Miarahaba ihany koa anareo ao amin'ny Minisitery telo tonta manatrika eto; ny Minisitry sy ny teknisiana mpiara-dia aminy.

Misaotra ny Solombavambahoaka rahavavy nanao ny tatitra natao omaly.

Ity lalàna ity tamin'izahay nivory omaly dia faly satria ela loatra no nandrandraina ity lalàna hiadiana amin'ny herisetra amin'ity resaka maha lehilahy sy maha vehivavy ity. Ny antony efa mazava amintsika loatra satria efa tsy takona afenina eto amin'ny tany sy ny firenena ny zavatra miseho, ny fanaparana hery sy ny fanaparana fahefana amin'izay mihevitra ho manana fahefana amin'ny olona sasany. Rehefa nanolotra an'ity volavolan-dalàna ity ny Governemanta dia nankasitrahana tanteraka satria midika izany, fa misy ny finiavana ary mahatsapa ny maharary ny vahoaka izy ireo; na izany na tsy izany, somary diso fanantenana ihany koa rehefa namaky ny ambangovangon'ity lalàna ity.

Ny olona tena mandray anjara tamin'ny asam-baomiera vitsy dia vitsy. Azafady amin'ny Solombavambahoaka izay tsy mankasitraka ny ilazana an'izany. Niezaka izahay namadibadika, nandalina nijery hoe tena mahavaly ny maharary ny vahoaka, indrindra izahay vehivavy ve ny fonosin'ity lalàna ity. Fanasaziana hoy izahay no betsaka ato ary efa zava-dehibe tokoa, fa na ny fanasaziana ary indrindra ny ara-bola dia hitanay ho maivamaivana ihany satria ny mpanao ireny herisetra ireny dia matetika miainga amin'ny fananam-bola. Misy hira samy mahatadidy isika amin'ny hoe fomban'ny lehilahy manana inona... Koa izay no tena nahatonga ny fisalasanay hoe tena hirosoana ve ity sao dia hananana tsiny amin'ireo vehivavy mizaka ny tsy eran'ny aina amin'ity resaka herisetra ity.

Ny zavatra tena tadiavina dia ny fisorohana ny herisetra. Izany hoe, tsy tokony hisy akory ny herisetra, fa efa nobeazina sy voaanatra tsy hanao izay herisetra izany ny olom-pirenena Malagasy anefa raha vakantsika ity volavolan-dalàna ity, tsy misy loatra ny lafiny fanabeazana. Mba tsy ho tonga amin'ny famonona ny olona iray trano. Tsy misy loatra ny fampahatsiarovan-tena, tsy misy loatra ny fanalana ny fanavakavahana amin'ny olona marefo, indrindra ny vehivavy. Koa teo izahay niteny raha ny tany amin'ny vaomiera, tianay ary anisan'ny antony hanemorana azy ity hoe aleo mba hitakatra ny tsaratsara kokoa satria ny fanaovana lalàna dia zavatra sarotra. Raha ity no havoakatsika eto androany dia tsoriko eto, araka ny noteneniko tamin'ny asam-baomiera omaly hoe "la montagne aura accouchée d'une souris". Tadidiko tsara mihitsy ary tsapako fa Ramatoa vadin'ny Filohampirenena no manana "leadership" ary mino aho, fa raha tsy izy, tsy nisy ity volavolan-dalàna ity. Ny dikany dia tena hiroso amin'ny ady amin'ny herisetra amin'ny maha lehilahy sy maha vehivavy isika.

Tokony hanana “ambition” hahavita tsara lavitra mihoatra an’ity raha ny tokony ho izy; fa raha ity no hivoaka eto androany, ekeko fa hisy ny lalàna, fa tsy ho tratra ny tanjona hiadiana amin’ny herisetra atao amin’ny vehivavy.

- Tehaka -

Izaho manokana tsy ho sasatra mihitsy na adiny firy na firy andro na firy volana amin’ny fandalinana lalàna raha ilaina izany.

Omaly antoandro no nampidirana ny lahadinika nanapahana ity volavolan-dalàna ity. Niezaka izahay vehivavy vitsivitsy nanatrika ny asam-baomiera hatramin’ny alina. Androany maraina aza na adiny firy isika no hifampidinika eto dia hoe lanio. Isika ato amin’ny Antenimiera izany dia vonona hiantSOROKA an’ity. Lanio fotsiny ity, fa mila mandany ity lalàna ity, fa ny ao anatin’ny ao tsy hojerentsika.

- Tehaka -

Izaho vehivavy ary betsaka ny vehivavy Malagasy maharary, maty vono, lamolamohin’ny vadiny, lamolamohin’ny fianakaviana. Tsy misy fanabeazana hoe tsy tokony hatao izany zavatra izany.

Mikasika ny fandraisana andraikitra ny fanjakana. “Article 14” ato anatin’ity volavolan-dalàna ity milaza hoe: “L’Etat assure la prise en charge sanitaire, psychosociale et accompagnement juridique-judiciaire des victimes pour faire valoir leurs droits”. Mino ve isika fa izay fehezanteny tokana izay dia mametraka ny fanjakana tsy maintsy handray ny andraikiny ary ireo vehivavy mijaly ireo ary ireo vehivavy tsy manana mpiaro ireo. Tsy mandà velively an’ity lalàna ity ny tenako ary maniry dia maniry, tena vonona handany ny lalàna hiadiana amin’ny herisetra. Ilaintsika io, fa ny zavatra atao ohatry ny voalobo-jaza terena ho masaka, Tompoko, tsy mety amiko fa tsy izay no nifidianan’ny vahoaka ahy tato.

Izay no tiako tenenina, Andriamatoa Filoha. Ianareo nanolotra ny volavolan-dalàna; isaorana sy ankasitrahina satria na inona na inona tapaka eto androany dia ny finiavanareo no nahatonga izany.

Ny faniriako dia ahemotra izy ity. Efa manomana ny ao amin’ny Minisiteran’ny Mponina lalàna lasitra “loi cadre” manodidina ireny resaka rehetra amin’ny olona marefo, amin’ny olona mijaly ireny. Manao fankan-kevitra any amin’ny Faritany izy ireo. Mbola hanao ato ho ato fankan-kevitra manerana ny Nosy. Mbola hametraka ny zavatra rehetra hahatomombana izany lalàna izany. Koa hoy izahay hoe: maninona, satria izy ireo efa manao izany asa goavana izany; izay deraina eto sahady. Maninona raha ahemotra mba hananantsika ny tena izy, ny tena tsara. Olona ngeza be io. Raha laniantsika ity dia mbola tsy hanana anjara amin’ny tokony ho izy ny vehivavy amin’ny fampandrosoana ny firenena. Mbola tsy misehatra amin’ny fampandrosoana ny vehivavy izay antsasaky ny vahoaka Malagasy.

Misaotra Tompoko.

- Tehaka -

Andriamatoa FILOHA

Andriamatoa Solombavambahoaka hajaina, HENRI Jean Michel

Andriamatoa HENRI Jean Michel

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Mamerina ny fiarahabana an-dRamatoa Minisitry sy ireo “staff” miara-dia aminy.

Gaga dia gaga mihitsy ny tenanay, Andriamatoa Filoha, fa ny vehivavy arovana indray no tena malailay fonosana izany mampihemotra an’ity lalàna ity. Izaho amin’ny maha lehilahy “responsible” ahy, manana anabavy, manan-janaka dia heveriko fa tokony ho voadinika omaly tao amin’ny “commission” ity lalàna ity.

Lalàna misy andininy 22 ve, Andriamatoa Filoha dia tsy ho vita. «Un après-midi», «22 articles» fa tsy nisy mihitsy izany finiavana nandinika ity lalàna ity. Izay no zava-misy.

Ny ankamaroan’ny resaka eto fanazavana fotsiny, fa “22 articles” dia tsy ho vita, itadiavana atsanga tsy aman’orana izao, itadiavana fanemorana ity lalàna ity.

Izaho, Andriamatoa Filoha dia mangataka satria manana “Règlement Intérieur » isika. Rehefa misy hanao tsangan-tànana isika, mba mangataka aho ny handiniantika ity lalàna ity «en commission plénière». Azo atao izany amin’ny “Règlement Intérieur»-ntsika. Io Andriamatoa Sekretera Jeneraly, akaiky anao io, afaka hiteny hoe azo atao ve izany na tsy azo atao na inona no tokony hatao. Tokony hivadika «commission plénière» isika ka handinika ity lalàna ity, fa zava-dehibe ho an’ny firenena ny fiarovana ny vehivavy, fa na ny lehilahy koa misy voadaroka.

Ny lalàna, Tompoko, tsy tonga lafatra araka ny voalaza teo, fa miova io sady fenoina. Misy lalàna firy na volavolan-dalàna firy nandalo teto amintsika izay mameno na mampiova lalàna efa nisy teo aloha satria eo amin’ny fampiharana ny lalàna isika vao mahita ny lesoka aminy; azo atao izany. Ity dia lalàna mameno ny lalàna efa nisy teo aloha. Izay angamba no ieritreretany sasany azy hoe tsy ampy satria efa nisy lalàna teo aloha.

Rehefa hisy koa izany “loi cadre” izany mikasika ity resaka “genre” ity dia eo koa isika mahita azy amin’izay fotoana izay.

Mangataka tsangan-tànana ny tenanay, Andriamatoa Filoha, na ny hanohizana na ny tsy hanohizana azy, fa izay angamba no zava-dehibe, lava ny “débat” ato.

Mbola miandry ny Praiministra, fa hisy ny “Questions-Réponses” izay miaraka amin’ny Governemanta hataontsika rehefa avy eo. Mangataka izay tsangan-tànana izay izahay mba ahafahantsika manohy na hampijanona an’ity volavolan-dalàna ity.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Mandray fitenenana manaraka, Ramatoa hajaina RAZAFINANDRO Perle, aorian’izay Ramatoa hajaina voafidy tany Antsiranana.

Ramatoa ZAFINANDRO Perle Bien Aimée

Misaotra betsaka nanome ny fitenenana.

Miarahaba, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba ny Minisitry sy ny mpiara-dia aminy rehetra.

Miarahaba antsika rehetra Solombavambahoaka izay manatrika ny fivoriana androany.

Izaho dia vehivavy; sambany ity misy zavatra atao mikasika ny vehivavy. Izay zavatra izay dia mahavelom-bolo ary isaorana mieritreritra an'izay zavatra izay hoe tokony hatao. Tena isaorana tena isaorana. Isaorana koa ny vaomiera omaly. Olona dimy no nanatrika, nanampy azy olona roa. Isaorana azy ireo nahafy fotoana nikarakara ity zavatra ity.

Ny ahy ny zavatra holazaiko dia mikasika ny vehivavy, fanampiana ny vehivavy satria ny mahazatra antsika ny midaboka ny vehivavy na misy io midaboka io dia mifampijery fotsiny isika. Avelao any fa aferan'izy mivady izao ka aza idirana. Sambany ity misy lalàna mikasika izay zavatra izay. Tena zavatra tsara, kanefa zavatra tsara ity, zavatra sarotra izy ity, fa na ny vaomiera nandany fotoana maharitra. Namerina asa na indroa na intelo ao anatin'ity zavatra novakiana ity hoe tokony hahemotra izy ity.

Misy antony izay zavatra izay. Ataoko angamba fa ireo vaomiera nivory omaly ireo dia tsy olona miteniteny foana. Matoa izay zavatra izay naverin'izy ireo indroa anatin'ity "texte" indroa sa intelo misy antony. Amiko manokana, maro ny zavatra tokony mbola hampidirina ao anatin'ny ao. Tsy izaho miteny izao hoe Ramatoa Solombavambahoaka RAZAFINANDRO Perle avy any Fort-Dauphin hoe ny lehilahy manaiky hokapohin'ny vehivavy dia tsy mandray vahaolana. Tsy any mihitsy, fa izaho Solombavambahoakan'i Fort-Dauphin dia manindry mafimafy kokoa izay manao an'izay zavatra izay. Tokony mba hanokana fotoana isika ary tsy fotoana very.

Nisy niteny teo fa tokony holaniana any ity lalàna ity, fa tsy ity indray no hiverenantsika. Izaho miala tsiny fa tsy avy amiko ity ary mbola tsy nisy ny fivoriantika hoe zavatra iray no hodinihantsika ato, fa hampidirintsika izy amin'ny fivoriana manaraka. Manokana fotoana isika. Ny firesahana ity androany dia efa dingana lehibe. Hanokana fotoana isika handinihantsika lalina tsara azy.

Mikasika ity, teneniko, araka ny eritreritra, fa izaho dia manohana an'ity 100%. Rehefa tonga ny fotoana feno tanteraka izy ity, izaho hifidy azy 100%, fa hatreto dia ohatran'ny somary mbola maivamaivana; na misy inona na misy inona ao ambadikany ao.

Isika izao rehefa misy ny fotoana hoe hijerentsika an'ity tsara ny vehivavy izany, andao isika, azafady, mba hanao zavatra matotra mikasika antsika vehivavy. Ny tao amin'ny Vaomiera misy antsika ihany koa dia efa nilaza ny hanemorana sy handihana lalindalina ity raharaha ity. Noho izany, tokony hanaraka an'izay isika satria zavatra sarotra ny mikasika azy ity.

Ny Filohantsika ihany koa nanamafy ny hanemorana azy. Matoa isika manana Filoha dia misy antony, ka izay no tiako holazaina, ny antony nahatonga azy ity hahemotra. Amin' izay fotoana izay, tokony hametraka zavatra tsara sy matotra isika miaraka amin'ny asa atao amin'ny Minisitry an'ny Mponina sy ny Fahiana ara-tsosialy.

Misaotra betsaka.

Andriamatoa FILOHA

Mandray fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka voafidy tao Antsiranana Voalohany.

Ramatoa RAZAFINDRAVONY Marofidy Christine

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba anareo rehetra ao amin'ny Minisitery

Raha ny avy amiko aloha dia tokony hahemotra satria zavatra sarotra ny resaka mikasika antsika vehivavy. Raha jerena dia tsy voadinika lalina ity raharaha satria tampoka ny fahatongavany tamintsika, hany ka tsy ampy ny fandihana azy. Raha omaly, tsy maro ny olona tonga tao, ka nanjary lasa mifanome tsiny isika rehefa avy eo, satria tsy fantatra ny tena ao anatin'ny kanefa holaniana haingana. Noho izany, aleo ahemotra satria zavatra sarotra loatra ny raharaha mikasika ny vehivavy. Ny tenako rahateo vehivavy, ka aleo hodinihantsika samy isika lalindalina ity raharaha. Raha jerena ny isan'ny olona tonga tao dia miisa 5 kanefa 25 no isan'ny vehivavy anefa raharaha momba anay vehivavy no nodinihana tao.

Matoa ny Filoha nandinika tamin'ny asam-baomiera momba ny fanemorana ity raharaha ity, noho izany, tokony hajaintsika ny fanapahan-kevitra noraisin'izy ireo omaly. Koa miangavy antsika mba hanemotra azy, fa tohizantsika ny fandaharam-potoana hafa, fa miandry avokoa ny olona rehetra. Firy no isan'ny olona miandry ao ivelany ao. Ny Filohan'ny Vaomiera ihany koa efa nanaiky ny hanemorana azy.

Misaotra antsika rehetra.

Andriamatoa FILOHA

Omentsika fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka hajaina voafidy tao Morafenobe. Manaraka azy ny Solombavambahoaka hajaina voafidy tao Ambositra.

Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Ny mahatonga antsika vitsy dia noho ny nisian'ny fifidianana, ka izao vao tafavory isika. Tsy misy zavatra tsy azo amboarina na ahemotra. Tokony hifanaraka amin'ny fandinihana azy tsara isika satria izahay koa mba te-hanao an'ity zavatra ity ho tsara.

Misy mampatahotra anay any ho any, fa ity zavatra ity hono dia idiran'ny lehilahy samy lehilahy sy ny vehivavy samy vehivavy mifanambady. Izany no fiatombohan'io zavatra io, hany ka matahotra izahay. Koa aoka dinihanay tsara ny mikasika ity zavatra ity. Raha izay no handraisana ity raharaha ity ary hisy lalàna koa ato mikasika ny lehilahy samy lehilahy mahazo mifanambady dia hafahafa be aminay ny mandinika izany.

Koa mangataka ny tenanay ny handinihana ny hanemorana ity fanapahan-kevitra ity mba hizotra tsara.

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa ANDRIATAHINANOMENJANAHARY Felicien

Misaotra anao, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba ny Minisitra sy ireo teknisiana rehetra.

Tiako azavaina kely angamba satria ny vaomiera tsy miteny mazava ny fahavitsian'ny olona tonga omaly. Ny nahavitsy ny vaomiera omaly, Tompoko; nanomboka omaly tolak'andro isika dia volavolan-dalàna telo no nolaniantsika tato niaraka tamin'ny fifidianana ny solotenantsika.

Nandritra ny fotoana nanaovantsika izany dia nolazaina fa amin'ny 3 ora no handinihan'ny vaomiera azy. Amin'izany ora izany anefa isika mbola ankatoky ny fivoriana, Andriamatoa Filoha. Lasa nivoaka tsikelikely nankany amin'ny vaomiera ny vehivavy tato. Koa mazava ho azy raha ho vitsy izy ireo ary tsy nanana fotoana handiniana izy satria tao anatin'ny adiny 3 isika mbola handinika asam-baomiera anankiroa. Ny tiako hotenenina dia izao, rehefa ny vaomiera no miteny fa tsy nodiniany io, ka aleo ahemotra amin'ny fotoana manaraka dia tokony arahina izany. Raha ohatra, araka ny tenin'ny "Questeur" teo hoe, misy indray ny lalàna ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy antsika, ka hatao "commission plenière" ohatran'izao dia tsara izay. Isika anefa mbola hihaona amin' ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta. Noho izany, aza mieritreritra mihitsy ianao, Ramatoa Minisitra, fa raha vao tsy voadinika androany ity dia tsy hodinihana intsony. Izahay mba manan-janaka vehivavy ary izahay lehilahy ihany koa. Eto anefa dia ny vehivavy ihany koa no mitaky ny fanemorana azy. Heveriko fa tena zava-dehibe izay.

Misaotra Tompoko.

Ramatoa MASY Goulamaly Marie Jeanne D'Arc

Mba te-hangataka fitenenana kely, Andriamatoa Filoha raha mety.

Andriamatoa FILOHA

Aorian'ny Solombavambahoaka akaiky NAKANY Charly dia omena fitenenana ny Solombavambahoaka voafidy tao Antalaha.

Andriamatoa NASIRA Julien

Mankasitraka, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba ireo Minisitra tsirairay tonga miatrika eto.

Ny ahy aloha dia mangataka ny handaniana ity zavatra ity androany. Inona no antony. Efa nisy namaky teto ary ny Solombavambahoaka namantsika dia mahay ireo andininy rehetra ao. Tsy misy zavatra atahorana ato fa milamina ary ambarako etoana, fa maroan'isa isika lehilahy noho ny vehivavy. Fantatrareo tsara ny tiako horesahina. Raha azon'ny vehivavy, azony tsara. Koa manaitra antsika lehilahy, fa fanombohana io koa aoka hojerentsika ny toeran'ireo vehivavy ireo.

Manentana antsika lehilahy ny tenako, mba handany ity volavolalan-dalàna ity. Fanombohana ity zavatra ity.

Misaotra betsaka.

Andriamatoa FILOHA

Solombavambahoaka voafidy tao Tsihombe, ny Solombavambahoaka voafidy tao Lalangina. Aorian'izay ny Solombavambahoaka voafidy tao Ankazoabo Sud.

Ramatoa MASY Goulamaly Marie Jeanne D'Arc

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Ny tiako handraisana fitenenana dia ny mikasika ny notenenin'ny Solombavambahoaka hajaina teo. Tsy nazava loatra tamintsika ny antony nahatonga ity zavatra tsy nolaninay omaly.

Voalohany, tampoka be izy ity. Tamintsika tao anatin'ny "séance plénière" no nampidirina izy ity, tokony tamin'ny 1 ora, tolak'andro, teo ho eo angamba dia hoe hodinihana maimaika. Ny tenako ihany koa tsy nahafantatra ny fisian'ity tato ary raha ny tena marina dia tsy tafiditra tao anatin'ny vaomiera tompon'ny fandinihana ny "commission genre". Ny vaomieran'ny mponina sy ny mpanao lalàna no tokony nandinika azy.

Rehefa avy eo raha tonga tany amin'ny efitrano fivorian'ny Birao Maharitra ry zareo dia niantso ahy ny Solombavambahoaka hajaina JOHASY RAHARISOA Eléonore hoe: mikasika "genre" anie ity lalàna ity, ka tokony hiakatra aty ianao, Ramatoa Solombavambahoaka. Ny tenako teto akaiky teto ka nanatrika. Rehefa nojerena tokoa anefa ny lalàna, ny Solombavambahoaka izay tokony handinika ity zavatra ity, tsy ampy raha ampitahaina amin'ny isan'ny teknisiana tonga teo. Izany hoe ny teknisiana roa tonta no tiana resahana; ny hanapakevitra ihany koa amin'ny ho fandaniana azy.

Ny handany azy dia ny tenako sy ny Solombavambahoaka IDEALSON izay efa lasa, hany ka izaho irery no tokony hanapakevitra satria ny anay "au fond". Izay zavatra izay samy rery no tsy maintsy noraisiko amin'ny "Présidente de la Commission Genre" ahy, izay efa natsofoka fa tsy izaho no tokony handinika ity, fa voatery ny Sekretera Jeneraly mikasika izany satria ny mponina no nasaina nandinika azy anefa ny "genre" no zavatra mipetraka ato. Ny Sekretera Jeneraly niteny, fa ny "Présidente de la Commission Genre" no tokony hitarika rehefa tonga ao. Amin'izay fotoana izay ny tenanay tsy maintsy mandray fanapahan-kevitra farany ny momba ny hoe handany na tsia. Noho izany, manoloana izay fanapahan-kevitra tsy maintsy noraisina izay dia nilasalasala ny tenako manoloana koa ny "commentaire" nataon'ny Solombavambahoaka namana hoe: misy mbola tsy feno tokony hofenoina ato dia aleo miandry amin'ny manaraka.

Izay no nahatonga ny maha Filohan'ny Vaomiera ny tenako nanapakevitra tamin'ny fanemorana satria tsy afaka handray fanapahan-kevitra samy irery mikasika ity zavatra ity ny tenako satria lalàna mafonja ilaina eto amin'ny firenena.

Noho izany, izay zavatra izay no mahatonga azy hoentina eto amin'ny "séance plénière" raha ny vaomiera no tokony hanapaka izay hevitra izay. Ny "séance plénière"-ntsika ihany koa afaka manapakevitra, afaka dinihantsika eto izany. Ny teknisiana roa tonta dia nanamafy ny fahataran'io zavatra io raha toa any amin'ny "session extraordinaire" any amin'ny volana Martsa na Mey isika vao handinika azy; vola efa miraviravy tokony ho azontsika izay ahafahana hanao fotodrafitrasa na ireo fanampiana isaky ny Kaominina na any amin'ny Distrika mba ahafahantsika hanampy an'ireo satria efa misy ny "fait".

Efa misy ihany koa ny heritsetra eto amintsika. Misy avokoa izany rehetra izany, ka raha ohatra hiditra amin'ny fandaniana ny lalàna ity hoe tsy mari-pototra izany ny ady amin'ny heritsetra ataontsika "genre" izany. Izay no iangaviako antsika rehetra, namana, indrindra fa isika vehivavy handany, hampandany an'ity lalàna ity satria zava-dehibe loatra ity lalàna ity raha ho antsika.

Koa miangavy antsika rehetra satria efa hitantsika ny maha zava- dehibe azy.

Misaotra betsaka.

Andriamatoa FILOHA

Omena fitenenana ny Solombavambahoaka voafidy tao Lalangina azafady.

Andriamatoa RIVOTIANA Richard Jean Bosco

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Resaka tsotra ny ahy no angatahana amintsika rehetra.

Ny voalohan-teniko dia fanamarihana; nangataka satroka efa ela ny tenako, fa tsy nahazo ka gaga ihany hoe niova ve ny Fitsipika Anaty nifanaovantsika ato.

Manarak'izay, mangataka amintsika ny tenako, fa ny andrasan'ny vahoaka amintsika anio dia ny fihaonana amin'ny Governemanta sy ny Antenimierampirenena. Noho izany, raha mba azo atao ry Solombavambahoaka namana, samy efa fantatsika ny hevitra koa andao hiroso amin'ny tsangan-tànana ka izay valiny izay no raisina.

Araka ny volazako teo, misy zavatra andrasan'ny vahoaka amintsika androany; na ny mpanao gazety be dia be na ny olona any amin'ny fahitalavitra maro samihafa any hoe inona no zava-hiseho androany. Lany andro eto fotsiny isika. Koa mangataka mba aseho amin'ny alalan'ny tsangan-tànana izay zavatra tenenina, fa tsy tampenam-bava ianareo; dia izay valiny eo valiny.

Faharoa manaraka izay, Andriamatoa Filoha, hihaona amin'ny Governemanta rehefa avy eo. Tsangan-tànana ve no hatao sa misy toerana afaka hanaovana fisoratana anarana.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Manaraka ny Solombavambahoaka voafidy tao Ankazoabo.

Andriamatoa PEPIN MICHOU

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba ny Minisitra sy ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Aminay Andriamatoa Filoha dia olona mahay lalàna no nandinika an'ireto tao amin'ny asam-baomiera ary efa Minisitra teo avokoa. Noho izany, ity lalàna ity ihany no tokony harahintsika, fa ny mahagaga ahy ny antony hanangantsika tànana.

Voalaza teo hoe mihemotra ary efa voasoratra ato ny momba ny fihemorany, koa nahoana no tsy hanarahantsika izany. Raha mety, Andriamatoa Filoha, efa tonga eto an-toerana Andriamatoa Praiminitra koa miombon-kevitra amin'ny tenin'ny Solombavambahoaka teo ny tenako. Maninona tsy ataontsika rahampitso ny fandihana azy, fa tsy misy asa ihany isika raha toa ka mety.

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa FILOHA

Mandray fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka voafidy tao Antanifotsy. Avy eo ny Solombavambahoaka voafidy tao Antsiranana I; mamarana azy ny Solombavambahoaka aorianan'Ambanja.

Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Ramatoa sy ianareo Andriamatoa Minisitra izay tonga amin'ity toerana ity androany. Misaotra anareo amin'ny fahatongavanareo. Isika Solombavambahoaka namana.

Saika tsy hiteny aho, fa naheno ny tenin'ny Filohan'ny Vaomiera teo. Misy hamehana hoy izy. Ny lalàna dia afaka amboarintsika foana eto amin'ity toerana ity. Mila fiatombohany isika mba ahafahan'ireo Minisitara sy ny Governemanta hitondra zavatra.

Misy antony Tompokolahy sy Tompokovavy matoa ny Minisitara anankiray mitondra lalàna eto amintsika izay lany tany amin'ny Filankevitry ny Minisitara, niarahana tamin'ny Filohampirenena izay nofidintsika. Rehefa notapahana tao dia misy fahamehana. Azafady Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, isika mitafy nofo aman-drà ka tiana ho lavorary hoe tsy maintsy atao izao tapitrisa ny lalàna satria misy heritsetra. Tsy maintsy misy fiatombohany ny zava-drehetra. Heverintsika fa misy lalàna farany izay kely, fa nasehontsika amin'ity Solombavambahoaka ity hoe misy lalàna napetratsika, ka matahotra izay olona handeha hidaroka vehivavy.

Misaotra Tompoko.

Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba an-dRamatoa Minisitara sy anareo teknisiana tonga eto.

Nanaitra ny saiko ny tenin'ny Solombavambahoaka hajaina MASE Goulamaly teo. Hifarana amin'ny Zoma ny fivoariantsika kanefa mikasika indrindra antsika vehivavy ity zavatra ity. Ny tenako efa Solombavambahoaka voafidy fanindroany teto. Ny lalàna natao tato indrindray izy efa minitra farany vao tonga ka hadihadiana rehefa avy eo. Misaotra anao Solombavambahoaka hajaina JOHASY RAHARISOA Eléonore ary misaotra anareo vehivavy namako amin'ny miralenta rehetra. Mikasika ny riban'ny tranontsika izy ity; mikasika ny fiainantsika.

Isika ihany no mitondra ny tenin'ny vehivavy izay maty ny vono ataon'ny lehilahy. Mangataka ny tenako raha azo atao, Tompoko, tsy ity lalàna anankiray ity foana no hampimenomenona antsika. Efa ela no nampitomany antsika, namparary sy nampimenomenona antsika. Tsapa fa isaky ny lalàna mivoaka mikasika antsika vehivavy dia toherintsika foana. Magataka ny tenako amin'ity andro anio ity, mitaona anareo vehivavy rehetra namako, fa mijery antsika ny vehivavy any amin'ny Kaominina, any amin'ny Distrika, any amin'ny Faritra misy antsika rehetra any. Ny niaviansika ato dia ny hisolotena azy ireo; koa mangataka ny handaniana ity lalàna ity ny tenanay.

Eto dia mitodika aminareo Solombavambahoaka hajaina anadahinay izahay. Milela-paladia anareo, vonjenareo izahay, izahay ny misolotena azy ireo ato amin'ny Lapan'ny Antenimierampirenena. Tsapanay ary fantatray fa mbola maro ny volavolan-dalàna hampianay amin'io lalàna, ka ny angatahanay dia ny hitaona antsika Solombavambahoaka, fa marary izahay vehivavy. Ity lalàna anankiray ity no angatahanay ary raha misy amin'ny manaraka, holanianay ary vonona izahay hiady amin'ny heritsetra mahazo ny vehivavy soloanay tena ato amin'ny Lapan'ny Antenimierampirenena.

Mankasitraka Tompokolahy.

Mankatelina Tompokovavy.

- 9 -

- Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-009/2019 -

Andriamatoa FILOHA

Tsara ampahatsiahivina vetivety alohan'ny handraisan'ny Solombavambahoakan'Ambanja fitenenana. Ny mikasika ny volavolan-dalàna, tsy hoe heritsetra mihatra amin'ny vehivavy. Tsara apetraka tsara ny hoe «relatif à la lutte contre les violences basées sur le genre mais ce n'est pas contre les femmes». Raha ny fitenenana teo mantsy dia hoe vehivavy ihany, tsy izay, fa «basées sur le genre». Voakasik'ity avokoa na lehilahy na vehivavy, fa tsy «contre les femmes» fotsiny.

Mitohy ny fivoriambentsika Solombavambahoaka hajaina isany. Taorian'ny fiatoana kely izay nangatahan'ny Vondrona Parlemantera IRD, miverina manohy ny fivoriana isika. Misy soso-kevitra nentin'ny Vondrona maro an'isa IRD tamin'ny fiatoana natao teo. Nilaza izy ireo hoe raha mety dia ahemotra ny fandinihana ny volavolan-dalàna laharana faha-009/2019. Tsotra ny antony, mbola misy adihevitra tsy mety mihato ao anatin'ny anefa ireo miatrika ny fivoriana mpisolo toerana fotsiny ihany.

Raha ny faniriany sy ny fandresen-dahatra nataon'izy ireo tao mbola miandry ny Lehiben'ny Andrimpanjakana satria hiatomboka rahampitso ny fanohizana ny asa momba an'io volavolan-dalàna io.

Izay soso-kevitra izay anefa tsy azo apetraka amin'izao raha tsy lanin'ny maro an'isa amin'ny alalan'ny tsangan-tànana. Raha ohatra ka ekentsika ny fanemorana ny fandinihana an'ity volavolan-dalàna ity ka hiandry an-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena angatahana hanangan-tànana.

Atsangano ny tanaan'izay milaza fa ahemotra ny fandinihina ity volavolan-dalàna ity.

- Solombavambahoaka miisa 51 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako fa ahemotra ny fandinihina ny volavolan-dalàna laharana faha-009/2019 ka miandry an-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena, izay handray ny asa sy ny andraikiny rahampitso.

Misaotra Tompoko.

Manao satroka ny Solombavambahoaka VONINAHITSY Jean Eugène.

Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Isika ato misy Vondrona Parlemantera hafa koa toa ny GPR sy ny TIM fa tsy Vondrona Parlemantera IRD ihany. Tsy ianareo no maro an'isa ka tsy maintsy hanaraka anareo izahay, hanontanio ihany aloha ny hevitrany, Andriamatoa Filoha. Marina fa maro an'isa ianareo anefa ohatran'ny tsy mifanaja isika. Rahampitso ianareo ireo mbola hivadika fa aza mirehareha loatra. Averiko, anontanio ihany ny hevitrany hisian'ny fiaraha-miasantsika satria mety tsy ho lavitr'izay ny hevitrany. Tsy izay tapaky ny IRD sy ho ao anatin'ny daholo izahay ato, manana ny maha izy azy ny GPR ary manana Filohan'ny Vondrona Parlemantera ka tsara raha hanontanio ihany koa ny heviny, izay vao manao tsangan-tànana isika ka izay tapaka eo no izy.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Voaray izay fanamarihana izay Andriamatoa Solombavambahoaka.

Soso-kevitra avy amin'ny vondrona IRD maro an'isa izy teo dia nolanihana tamin'ny alalan'ny tsangan-tanana faobe ary dia lany izay soso-kevitra izay dia ahemotra ny fandinihana ny volavolan-dalàna.

Misaotra antsika Solombavambahoaka hajaina rehetra.

Omena toerana ny Mpampakateny.

Izao dia mitohy ny fivoriantika koa iangaviana ny Governemanta mba hampandroson'ny avy ao amin'ny harifenitra handray ny toerany.

Manao satroka Andriamatoa Solombavambahoaka HENRI Jean Michel.

Andriamatoa HENRI Jean Michel

Manao azafady Andriamatoa Filoha.

Izy mihemotra ity moa mihemotra rahoviana satria ny tapaky ny vondrona IRD mihemotra izao anie ka rahampitso maraina amin'ny 08 ora maraina no mivory ny asam-baomiera dia amin'ny 10 ora sa 11 ora izy no dinihina amin'ny fivoriambe toa tsy voaresaka izay zavatra izay.

Andriamatoa FILOHA

Ho avy Ramatoa Filohan'ny Antenimierampanjakana Andriamatoa Solombavambahoaka hajaina, hanao tatitra aminy ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra dia handray ny andraikiny sy ny asany izy manomboka rahampitso maraina dia ho henontsika ny tohiny. Izy no handamina ny raharaha amin'izay fotoana izay.

Andriamatoa HENRI Jean Michel

Ekena izay Andriamatoa Filoha, fa tsy isika mirahalaha no hifamaly amin'izay eto, fa ny fandaharam-potoana no tapahintsika androany, dia mba mangataka aho ho antsika Solombavambahoaka hotapahintsika ny fandaharam-potoana rahampitso amin'ny 08 ora ny asam-baomiera no mivory ary amin'ny 11 ora ny fivoriambe, mba mangataka an'izay aho Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa FILOHA

Manao satroka ny Solombavambahoaka hajaina Rodin RAKOTOMANJATO.

Andriamatoa RAKOTOMANJATO Edmond Rodin Georges

Miala tsiny Andriamatoa Filoha fa ny zavatra ato anatin'izy ity dia zavatra mamoa fady ary tsy eto amin'ny tanindrazana no nanaovana an'zay miteny hoe ahemoro any io rehefa tsy mety mandeha; fa raha ohatra ka tianareo dia aleo hamory ny fiangonana ka inona no atao amin'ity zavatra ity fa mamoa fady ianareo.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Efa tapaka fa mihemotra izy teo, Andriamatoa sy Ramatoa Solombavambahoaka hajaina isany.

Ampadrosaina ny mpikambana eo anivon'ny Governemanta, ka hiroso amin'ny fandaharana manaraka isika. Iangaviana ny avy ao amin'ny harifenitra mba hampandroso an'Andriamatoa Praiminisitra sy ny mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Misaotra Tompoko.

Omena satroka ny Solombavambahoaka hajaina RAHERIARIJAONA Régine Clarisse.

Ramatoa RAHERIARIJAONA Régine Clarisse

Misaotra, Andriamatoa nanome ny fitenenana.

Aoka kosa isika mba hampiseho fahendrena ka samy ahay mamaky teny ao anatin'ny lalàna fa tsy hovoizina ao izany hoe mamoaafady izany.

Misaotra Tompoko.

- 10 -

**- Fandraisana fanapahan-kevitra ny hampidirana ny volavolan-dalàna
laharana faha-011/2019 amin'ny fandaharam-potoana -**

Andriamatoa FILOHA

Manao azafady amintsika Solombavambahoaka hajaina rehetra. Efa nisy nanatitra atỳ ny fandraisana fitenenana rehetra, raha mbola misy Solombavambahoaka handray fitenenana amin'ny fihaonana amin'ny Governemanta, iangaviana hanatitra ny anarany.

Misaotra Tompoko.

Mitohy ny fivoriantika, iarahana mahalala fa miazakazaka izay tsy izy ny toe-draharaham-pirenena ka eto ny tenako dia mangataka ny famindram-po amintsika mianakavy satria misy volavolan-dalàna tonga eto amiko eto. Tsy lavabe izy ity fa "ratification" mikasika ny findramam-bolantsika Malagasy amin'ny "Banque Mondiale", afahana manohy sy manatanteraka tetikasa amin'ny lafiny fotodrafitrasa maro samihafa. Tafiditra ao anatin'izany ny RN44, raha sitrakantsika, hanao tsangan-tànana isika hampiditra an'izay ao anaty fandaharam-potoana. Hataontsika vetivety ny fandania ity "ratification" ity, aorian'izay hiroso avy hatrany amin'ny fifampiresahana amin'ny Governemanta na ny "questions des Députés et réponses du Gouvernement" isika. Mangataka fananganan-tànana avy amintsika ahafahana miroso amin'ny fandania an'ity famatsiam-bola amin'ny "Banque Mondiale" ity.

Atsangano ny tànana'izay manaiky fa hampidirina ao anatin'ny fandaharam-potoanantsika izy ity.

- Solombavambahoaka miisa 56 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Isaorana isika Solombavambahoaka rehetra fa tena tomponandraikitra marina eto amin'ny tany sy ny Firenena.

Angatahana avy hatrany ny Mpampakatenin'ny vaomiera momba ny fotodrafitrasa hanao ny tatitra natao tany amin'ny asam-baomiera.

- 11 -

- Famakiana ny tatitra momba ny volavolan-dalàna lahana faha-011/2019 -

Andriamatoa TSARADIA Marco

Misaotra, Andriamatoa Filoha nanome ny fitenenana.

Nivory ny Alakamisy faha-12 Desambra 2019 tamin'ny 10 ora sy 55 minitra ny Vaomiera mitambatra izay niarahan'ny Vaomieran'ny Asa Vaventy sy ny Vaomieran'ny Vola sy ny Tetibola nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-011/2019 tamin'ny 04 Desambra 2019 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet d'appui à la Connectivité des transports (PACT) entre la République de Madagascar et l'Association International pour le Développement (IDA)*».

Andriamatoa ANDRIMIASASOA Doda Nirimboavonjy, Filohan'ny Vaomieran'ny Vola sy ny Tetibola no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomiera mitambatra tonga nanatrika ny fivoriana:

Andriamatoa isany:

- 1- ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
- 2- TSARADIA Marco
- 3- MOHAMAD Ahmad
- 4- ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot
- 5- RAFIDIMANANA Narson

Ireto kosa ireo teknisiana tonga nisolo tena ny Governemanta:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- | | |
|-----------------------------|-----------------|
| 1- ANDRIANAINAHARIVELO Hajo | MAHTP |
| 2- ANDRIANJAZA H | MEF/DG/DAP |
| 3- RAMANAMISATA Jean Pascal | DG p.i/AR/MAHTP |
| 4- SAMBISOLO Emile Joseph | DINFRA |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoatoa Filohan'ny Vaomieran'ny Vola sy ny Tetibola dia nomen'ny an'Andriamatoa Minisitra avy hatrany ny fitenenana mba hanazavany ny antonanton'ity volavolan-dalàna ity.

Nambaran'Andriamatoa Minisitra fa izy ity, findramam-bola ataon'ny Fanjakana amin'ny Banky Iraisam-pirenena, izay mitentina «140 000 000 USD» izay hanamboarana ny lalana RN44 izay mampitohy an'i Moramanga sy Ambatondrazaka.

Eo ihany koa ny fanamboarana ny ampahan-dalana 35Km amin'ny RN12A sy ny tetezana Manambondro izay amin'ny lalana mampitohy an'i Vangaindrano sy Ford-dauphin; voakasik'izany ihany koa ny fanamboarana ny «route secondaire» eo ho eo amin'ny 500Km.

Ary farany, misy ihany koa ny fanatsarana ny fifandraisana ara-niomerika amin'iny lalana iny ka hisy ny fametrahana ny «réseau de télécommunication» izay tsy ho tapaka mihitsy ary ny fampiroboroboana ny «Mobile banking».

Nanamarika ny teknisiana avy ao amin'ny Minisiteran'ny Vola sy ny Tetibola fa ny fepetra amin'ny findramam-bola dia tsy miova fa toy izao ihany:

- Ny famerenana ny vola rehetra dia maharitra 38 taona izay misy fotoana tsy fandoavam-bola ao anatin'ny 6 taona (période de grâce);
- Ny «Commission d'engagement» dia 0,50%;
- Ny «Commission de service» dia 0,75%

Efa nisy ny vola mitentina «1 600 000USD» izay nanaovana ny “étude d'impact” izay efa voalao.

Nanamarika, Andriamatoa Minisitry, fa ny lalana rehetra amboarina manomboka amin'ity dia ny Fanjakana Malagasy no miantoka ny vola lany rehetra ka rehefa mahazo ny fankatoavana ity volavola-dalàna ity, izay vao omen'ny Banky Iraissam-pirenena ny vola lany tamin'ny fanamboarana.

Nanamarika ny Solombavambahoaka fa izy ity dia tetikasa maika ary efa ela nijaliana ny vahoaka ary isaorana ny Fitondram-panjakana amin'ny finiavany hanatanteraka ny tetikasa.

Araka ny fitsipika anaty mifehy ny Antenimierampierenena, niato 30 minitra ny fivoriana noho ny tsy fahampian'ny fetr'isa ahazoana manapa-kevitra.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fankatoavana ny volavolan-dalàna laharana faha-011/2019 tamin'ny 4 Desambra “autorisant la ratification de l'accord du prêt relatif au financement du projet d'appui à la Connectivité des transports (PACT) entre la République de Madagascar et l'Association International pour le Développement (IDA)» ny Vaomiera.

Nifarana tamin'ny 11 ora sy 20 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Misaotra, Tompoko.

- 12 -

- Fanamarihana sy fanitsiana ny tatitra -

Andriamatoa FILOHA

Misaotra an'Andriamatoa Mpampakateny isika nitondra izay tatitra izay.

Hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana mikasika an'izay tatitra izay isika. Marihina hatrany fa tsy mbola miditra amin'ny adihevitra ankapobeny isika, fanamarihana na fanitsiana ihany no atao. langaviana ny Solombavambahoaka izay manan-kambara hanangan-tànana afahana mandamina ny fandraisam-pitenenana.

Omena fitenenana, Andriamatoa Solombavambahoaka RABEKIJANA Solofo Hery, avy eo Andriamatoa MAMIHAJA Charlot.

Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery

Misaotra Andriamatoa Filoha nanome ny fitenana.

Miarahaba anareo eny amin'ny pilipitra;

Miarahaba an'Andriamatoa Minisitry sy ireo teknisiana sy ny Solombavambahoaka rehetra tonga manatrika eto.

Mikasika ity tatitra ity, Andriamatoa Filoha, no zavatra hoteneniko eto. Misy zavatra mahagaga ny ato amin'ity Antenimierampirenenana ity. Iza no antony, hatramin'ny 9 ora latsaka fahefany, maraina, izahay no efa tonga teto, mambra ao amin'ny asam-baomieran'ny Fitantanam-bola ny tenako anefa mahagaga hoe tsy tratra ny fetr'isa. Misy favakavahana ve ato amin'ity Antenimierampirenenana sa ahoana. Milaza ianareo fa tsy misy hatreto kanefa inona no tsy niantsoana anay tamin'ny fanatrehana ny asam-baomiera. Mikasika ny RN44 no resaka, mandalo any amin'io lalana io ny fiaviako, mahagaga anefa, Andriamatoa Filoha, no tsy niantsoana ahy tamin'izany fotoana izany.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Andriamatoa Solombavambahoaka MAMIHAJA Charlot, avy eo omena satroka ny Solombavambahoaka ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, aorian'izay ny Solombavambahoaka hajaina REMI dit Jao Jean.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa MAMIHAJA Charlot

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba an'Andriamatoa Minisitry.

Fanontaniana mivantana any amin'Andriamatoa Minisitry no apetrako eto. Ity lalana mirefy 35Km any amin'ny RN12 ity ve "goudron"sa hatao inona. Raisiko avy hatrany momba ny lalana "secondaire" mirefy 500Km, aiza daholo izany. Raha azo atao, Andriamatoa Minisitry, mangataka ny tenako mba hanana anjara amin'ny fanamboran-dalana mirefy 25Km fotsiny ihany i Mananjary.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Alohan'ny hanaovan'ny Solombavambahoaka ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa satroka, tsara marihina fa fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra, Tompoko, no atao. Izany hoe, tsy mbola miditra amin'ny adihevitra ankapobeny na miresaka ny votoatin'ity volavolan-dalana ity isika.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa

Misaotra, Andriamatoa Filoha nanome ny fitenana.

Miarahaba an'Andriamatoa Minisitra sy ireo teknisiana.

Tena satroka no ataoko, Andriamatoa Filoha, mahagaga amin'ity "ratification" ity dia ny Solombavambahoaka avy any amin'ny RN44 mihitsy no mametraka olana. Hitan'ny vahoaka Malagasy anie ny zavatra izay ataontsika eto, ary mino aho fa mandeha mivantana ny fivoriantika. Ho nareo any Ambatondrazaka, ny Solombavambahoaka RABEKIJANA mihitsy no mametraka olana ny amin'ny fanamboarana ny RN44 any amin'ny Faritra Alaotra. Zara aza mahita vola hanamboarana an'io, firy taona ny mpitondra teo tsy nahavita an'io, izao isika miteny izao hamboarina ny lalana. Zonao na mandany ianao na tsia, izahay maro an'isa sy ny Solombavambahoaka rehetra rehefa famatsiam-bola na "ratification" ohatran'ity mandany avy hatrany. Miantso antsika Solombavambahoaka tsy hanalava resaka intsony andao holaniantika izy ity satria maika hitondra ny hetahetantsika amin'ny mambran'ny Governemanta isika rehefa avy eo.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Manao satroka ny Solombavambahoaka RAHASIMANANA Paul Bert, manaraka an'izay fandraisam-pitenenan'Andriamatoa REMI dit DJAO Jean.

Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert

Mangataka aho, hampanenoana indray mandeha ny lakolosy fa be loatra ny tsy naheno, alefaso ny asa fa fandania andro ny ankoatr'izay. Ny Governemanta tianay hametrahana fanontaniana aleo hiroso, angamba tsy hisy olona hitsivalana ny amin'izany.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa REMI dit DJAO JEAN

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Aza atao kilalao ity zavatra ity na ny nahazo fanamboaran-dalana na ny tsy nahazo izany. Tamintsika nanao fampielezan-kevitra, nilaza fa hanao zavatra tsara, ifandimbiazana ny fitondrana ka tokony tsy hanana alahelo. Ny fandaharan'asan'Andriamatoa Andry RAJOELINA hanamboatra lalana, mbola vao tonga izy efa nanao fanomezan-toky hanao izany. Efa maro ny lalana natao ary tohizana amin'izao, ka tokony holaniantika ity zavatra ity. Jereo ny fihetsik'Andriamatoa Filoha, efa manamboatra lalana izy izao ka inona indray no hisakasakanana azy amin'izany. Alefaso ny tsangan-tànana fa mangataka fampandrosoana ny Solombavambahoaka rehetra. Ho an'Ambatondrazaka, sompitra famoakarana vokatra no misy any sy tian'izy ireo hangatahana. Misaotra anareo Solombavambahoaka namana sy manentana antsika mba handany azy ity.

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa FILOHA

Mangataka firosoana amin'ny fandaharam-potoana isika anefa mbola maro ihany ny manangan-tànana. Mandray fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka voafidy tao Soalala avy eo ny Solombavambahoaka ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot avy ny Solombavambahoaka voafidy tao Andilamena. Vita izay, miroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isika.

Andriamatoa SAID ZAKANIAINA Mahafaly Joseph

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba anao, Andriamatoa Minisitra.

Firy taona izay tsy nisy nahavita ny RN44, izao no izy Andriamatoa Minisitra, rehefa tsy ilainy ny fanamboarana izany, atontsika any amin'ny Katsepy Soalala. Aoka isika handany an'io, handroso anie ity Madagasikara ity raha vita izany. Na tsy voaantso aza ny Solombavambahoaka efa dingana goavana ho an'ny Firenenana ny fanamboaran-dalana. Mandritra ny fahaleovantena iray manontolo, tsy nisy nahavita io ka isaorana anao Andriamatoa Minisitra, laniansika tsy misy fepetra izy ity. Tsy misy tsy mandany an'io na iray aza ka manentana antsika mba hifidy an'izany. Mirary soa, Andriamatoa Minisitra, ho vita koa ny any aminay any fa tsy mbola nahita "goudron" izany izahay ka isaorana sahady ianao ahatontosa ihany koa ny "digue de protection"-nay.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Alohan'ny handraisan'Andriamatoa Solombavambahoka ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot fitenenana sy ny Solombavambahoaka voafidy tao Andilamena, omena satroka ny Solombavambahoaka RABEKIJANA Solofo Hery.

Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery

Tsy mazava aminareo ny zavatra tiako tenenina, ny tenako mambran'ny vaomiera ka naniona no tsy nampilazana anefa teto. Tianay ny hanamboarana ny lalana RN44, Tompoko.

Andriamatoa ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot

Misaotra, Andriamatoa Filoha nanome ny fitenenana.

Miarahaba anareo avy ao amin'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy.

Mambran'ny Vaomiera izahay, nisy SMS nalefan'ny "service technique" fa ianao no tsy nijery finday hany ka manome tsiny hoe misy manao fanavakavahana. Nahazo izahay matoa tonga nivory tao. Tsotra fotsiny, nataonay ny asa, vita izy io ary manainga antsika Solombavambahoaka rehetra mba hifidy azy 100%.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Ny Solombavambahoaka voafidy tao Andilamena.

Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Patrice

Mangataka fahanginana fa handray fitenenana ny tenanay.

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba anao, Andriamatoa Minisitra sy ireo mpiara-dia aminao.

Izahay Solombavambahoaka avy any amin'ny Faritra Alaotra Mangoro mankasitraka tanteraka azy ity. Misaotra an'Andriamatoa Filoha sy ireo Minisitra fa ho vita ny lalana. Ela ny naha Ambatobevohoka an'Ambatobevohoka izay, mitaona antsika Solombavambahoaka rehetra hifidy. Hiaraka hitokana azy isika rahafa vita izy io. Misy zavatra tiako hampitaina aminareo Solombavambahoaka sasany, tsy aleo ve miditra antoko IRD fa tena mahavita zavatra.

Misaotra, Tompoko.

- Horakoraka -

Andriamatoa FILOHA

Tsy afaka handroso isika raha mbola hangataka fitenenana eto foana. Raha ohatra ankasitrahantsika, omena an'Andriamatoa Minisitra ny fitenenana hamelabelarany ny antonanton'ny volavolan-dalana.

Omena anao, Andriamatoa Minisitra ny fitenenana.

- 13 -

- Fanazavana ny antonanton'ny volavolan-dalàna laharana faha-011/2019 -

Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa Filoha, ianareo Mambra ao amin'ny Birao Maharitra;
Ianareo Solombavambahoaka.

Raha sitrakao, Andriamatoa Filoha, misy fanitsiana kely, misy diso tsipelina. Ity Ramatoa eto akaikiko ity no misolo tena ny "dettes public" DDP fa tsy DAP ary ny vola "1 600 000 Dollars" no nanaovana ny "préparation"-n'ny "projet" sy ny "étude d'impact" efa voaray fa tsy hoe efa voaloha.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa Filoha,
Ianareo Solombavambahoaka rehetra.

Ity volavolan-dalàna entina angatahana fankatoavana eto ity. Araka ny voalaza teo, findramam-bola atao amin'ny Banky Iraisam-pirenena, avy amin'ny IDA, vola mitentina "140 000 000 de Dollars" no totaliny.

Hanamboarana ny lalana RN44 izay mirefy 113Km miampy ny RN2A mirefy 35Km sy ny tetezan'ny Manambondro amin'iny RN2A iny ihany. Raha ny mikasika ny RN44, efa nanomboka ny asa satria araky ny nifanarahan'ny fanjakana sy Andriamatoa Filohan'ny Repoblika. Raha ohatra nisalasala teny am-boalohany ny mpamatsy vola, nanapakevitra ny Filohan'ny Repoblika fa hiroso amin'ny fanamboarana ny asa ary nanaiky izany ny mpamatsy vola, hoe andao aseho ny fahavononanareo hamboatra an'io lalana io. Haverin'ny mpamatsy vola ny volan'ny fanjakana hanombohana ny lalana mirefy 20km voalohany. Izay no nahitantsika ny 20Km izay efa manomboka ary ny ambin'ny asa vitaina amin'ity famatsiam-bola ity ary haverin'ny Banky Iraisam-pirenena ny vola izay nanamboarana azy.

Izay no fanazavana tiana entina mikasika ny tatitra teo. Ny mahasamihafa ity tetikasa ity amin'ny hafa dia izy vaovao iarahana amin'ny Banky Iraisam-pirenena mikasika ny "connectivité". Izany hoe mandritra ny fanatanterahana ny asa sy aorian'ny asa dia tiana ny hampifandray ireo tantsaha mampiasa an'iny lalana iny. Amin'ny lafiny lalana aloha; izany hoe, tsy amboarina intsony ny "route nationale" fa ireo "route secondaire" izay mifandraika amin'ny "route nationale", ka "20 Millions de Dollars" amin'io vola io no hanamboarana ireo "route secondaire" ireo; izay vao kasihana ny 113Km.

Manaraka izay, ny "connectivité" araka ny voalaza teo dia hatsaraina ny fikirakirana ny tetikasa fampiasa amin'ny teknolojia vaovao amin'io lalana io. Koa ampirisihana ny fampiasan'ny tantsaha an'izay teknika voaresaka teo sy ny "connexion" satria manaraka an'iny lalana hamboarina dia hitaritana "réseaux haut débit" ka tokony mba mandray anjara ary mahita tombony amin'izay koa ny mponina manaraka azy iny.

Izay, Andriamatoa Filoha ny mikasika ny RN44.

Mikasika ny RN2A, 35 Km miainga avy ao Vangaindrano hatrany Faradofay no hotanterahina ao anatin'ity tetikasa ity. Iny tetikasa RN2A iny, tsy ny Banky Iraisam-pirenena ihany no mamatsy vola azy, fa tafiditra izay araka ny noresahina teto omaly, ao anatin'ny "projet CORRIDOR". Izany hoe mpamatsy vola maromaro no mananteraka azy; ao ny Varotra lombonana Erôpeana, ao ny BAD ao koa ny Banky Iraisam-pirenena izay anisan'ny resena lahatra hanampy amin'ny famitana iny asa iny. Amintsika miteny izao, tetezana folo no tsy misy amin'iny, raha tsy diso aho ary amin'izay tetezana folo izay dia efatra no nahitana mpamatsy vola ary efa manomboka amboarina. Ny enina amin'izany no mbola ao anatin'ny fikarohana famatsiam-bola fanampiny ny fanjakana, fa ny tanjona dia manomboka ao Vangaindrano mandrapahatonga any Faradofay ka hatao "goudron" tanteraka ary ho vita daholo ny tetezana amin'iny lalana RN2A iny.

Izay angamba no mamaly ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka teo hoe hatao "goudron" ve ireo lalana ireo. Tena hatao "goudron" tanteraka ny lalana rehetra voakasik'izy ity.

Fanontaniana farany, tsy afaka mifindra any amin'ny toeran-kafa ny "projet" Andriamatoa Solombavambahoakan'i Mananjary fa ireo faritra ireo ihany aloha no ao anatin'ny.

Misaotra, Andriamatoa Filoha
Misaotra antsika nihaino.

- 14 -

- **Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-011/2019** -

Andriamatoa FILOHA

Misaotra an'Andriamatoa Minisitra isika tamin'izay famelabelarana izay.

Araka ny paika izay arahintsika eto anivon'ny Antenimierampirenena aorian'ny famelabelarana ataon'Andriamatoa Minisitra dia miditra amin'ny adihevitra ankapobeny isika. Raha ohatra isika ka manaiky fa tsy hiditra amin'ny adihevitra ankapobeny intsony, andao holaniana ka miroso isika, raha milaza isika fa mbola ilaina ny dihevitra ankapobeny dia hataontsika.

Misaotra betsaka, Tompoko.

Koa satria tsy misy manan-kolazaina intsony isika dia hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ity voloavolan-dalàna laharana faha-011/2019 tamin'ny 4 Desambra 2019 ity.

Marihana fa ahitana andininy miisa roa ity volavolan-dalàna ity ary araka ny voalazan'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena dia tsy azo kitihina ireo andininy ao anatin'ny fifanarahana, fa na ankatoavina na ahemotra ny fandinihana azy. Efa ifanarahantsika eto fa dia hiroso amin'izany fankatoavana izany isika izao.

Atsangano ny tanaan'izay mandany ity volavolan-dalàna ity.

- Solombavambahoaka miisa 82 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny volavolan-dalana laharana faha-011/2019 tamin'ny 4 Desambra 2019 "autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet d'appui à la Connectivité des transports (PACT) entre la République de Madagascar et l'Association International pour le Développement (IDA)».

Misaotra antsika Solombavambahoaka hajaina rehetra, nandray an'izay fanapahan-kevitra izay.

Raha manan-kambara, Andriamatoa Minisitry dia omena azy ny fitenenana.

Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola
Misaotra Andriamatoa Filoha.

Ianareo Birao Maharitra;
Isika Solombavambahoaka.

Mankasitraka amin'ny fiaraha-miasa, Tompoko.
Misaotra anareo Solombavambahoaka nandany ity volavolan-dalàna ity. Araka ny nolazaiko omaly; manantena ny mbola hiverina eto aminareo indray hitondra volavolan-dalàna hafa.

Misaotra Tompoko.

- Tehaka -

- 15 -

- Fiatoan'ny fivoriana -

Andriamatoa FILOHA
Misaotra, Andriamatoa Minisitry.

Mitohy hatrany ny fivoriambentsika Solombavambahoaka hajaina. Hiroso amin'ny fifanatrehana amin'ny Governemanta isika izao, koa iangaviana ny avy eo anivon'ny arofenitra hampandroso ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Misaotra Tompoko.

Niato tamin'ny 3 ora sy 25 minitra, tolak'andro, ny fivoriana.



 NY FILOHA
 RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

FIZAHAN-TAKELAKA

	Pejy
- Fitohizan'ny fivoriana	01
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	01
- Famakiana ny tatitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-008/2019	02
- Teny nataon'Andriamatoa TSARADIA Marco.....	02
- Fanamarihana sy fanitsiana ny tatitra.....	08
- Teny nataon'Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola	08
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	09
- Famelabelarana ny antonanton'ny volavolan-dalàna laharana faha-008/2019	09
- Teny nataon'Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola	09
- Adihevitra ankapobeny	11
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	11
- Teny nataon'Andriamatoa HENRI Jean Michel	11
- Teny nataon'Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène.....	11
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	12
- Teny nataon'Andriamatoa TSARADIA Marco	12
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	12
- Teny nataon'Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola	12
- Teny nataon'ny «Général de Brigade» ELACK Olivier A, Tale Jeneralin'ny BNGRC	13
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	15
- Teny nataon'Andriamatoa RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol	15
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	15
- Teny nataon'Andriamatoa RAZAFINANDRASANA Raulan	15
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	15
- Teny nataon-dRamatoa MASY Goulamaly.Marie Jeanne D'Arc	16
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	16
- Teny nataon'Andriamatoa SAID ZAKANIAINA Mahafaly Joseph	16
- Teny nataon'Andriamatoa RASIDIMANANA	16
- Teny nataon'Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas.....	17
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	17
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa	17
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	17
- Teny nataon'Andriamatoa REMI dit DJAO JEAN	18
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	18
- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTONDRAVAO Georges	18
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	18
- Teny nataon-dRamatoa RAHELIHANTA Jocelyne.....	18
- Teny nataon'Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert	18
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	19
- Teny nataon-dRamatoa RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa.....	19
- Teny nataon'Andriamatoa RABEMANANTSOA Herilala Jeannot	19
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	20

- Teny nataon'Andriamatoa RAJAABELINA Lova Herizo	20
- Teny nataon'Andriamatoa RAPHAELIEN Solofoniaina Emilien Narson	20
- Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-008/2019.....	21
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	21
- Teny nataon'Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola	22
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	22
- Teny nataon'ny "Général de Brigade" ELACK Olivier A, Tale jeneralin'ny BNGRC	22
- Famakiana ny tatitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-009/2019	22
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	22
- Teny nataon-dRamatoa MASY Goulamaly Marie Jeanne D'Arc	22
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	23
- Teny nataon-dRamatoa MASY Goulamaly Marie Jeanne D'Arc	23
- Adihevitra ankapobeny	27
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	27
- Teny nataon-dRamatoa MASY Goulamaly Marie Jeanne D'Arc	27
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	27
- Teny nataon-dRamatoa MASY GOULAMALY Marie Jeanne D'Arc.....	28
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	28
- Teny nataon'Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert.....	28
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	28
- Teny nataon'Andriamatoa TSARADIA Marco.....	28
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	29
- Teny nataon'Andriamatoa RAZAFINANDRASANA Raulan	29
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	29
- Teny nataon'Andriamatoa IDEALSON	29
- Teny nataon'Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas.....	30
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	30
- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTONDRAVAO Georges	30
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	31
- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTOSON Hubert	31
- Teny nataon-dRamatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine	31
- Teny nataon'Andriamatoa REMI dit DJAO JEAN	31
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	33
- Teny nataon-dRamatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore.....	33
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	35
- Teny nataon'Andriamatoa HENRI Jean Michel	35
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	35
- Teny nataon-dRamatoa ZAFINANDRO Perle Bien Aimée	36
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	37
- Teny nataon-dRamatoa RAZAFINDRAVONY Marofidy Christine	37
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	37
- Teny nataon'Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène.....	37
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIATAHINANOMENJANAHARY Felicien	38
- Teny nataon-dRamatoa MASY Goulamaly Marie Jeanne D'Arc	38
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	38
- Teny nataon'Andriamatoa NASIRA Julien	38

- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	39
- Teny nataon-dRamatoa MASY Goulamaly Marie Jeanne D'Arc	39
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	40
- Teny nataon'Andriamatoa RIVOTIANA Richard Jean Bosco	40
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	40
- Teny nataon'Andriamatoa PEPIN MICHOU	40
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	41
- Teny nataon'Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson	41
- Teny nataon-dRamatoa RAHELHANTA Jocelyne.....	41
- Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-009/2019	42
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	42
- Teny nataon'Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène.....	43
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	43
- Teny nataon'Andriamatoa HENRI Jean Michel	44
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	44
- Teny nataon'Andriamatoa HENRI Jean Michel	44
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	44
- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTOMANJATO Edmond Rodin Georges	44
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	44
- Teny nataon-dRamatoa RAHERIARIJAONA Régine Clarisse	45
- Fandraisana fanapahan-kevitra ny hampidirana ny volavolan-dalàna laharana faha-011/2019 amin'ny fandaharam-potoana	45
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	45
- Famakiana ny tatitra momba ny volavolan-dalàna lahana faha-011/2019.....	46
- Teny nataon'Andriamatoa TSARADIA Marco	46
- Fanamarihana sy fanitsiana ny tatitra	47
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	47
- Teny nataon'Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery	48
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	48
- Teny nataon'Andriamatoa MAMIHAJA Charlot	48
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	48
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa	49
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	49
- Teny nataon'Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert	49
- Teny nataon'Andriamatoa REMI dit DJAO JEAN	49
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	50
- Teny nataon'Andriamatoa SAID ZAKANIAINA Mahafaly Joseph	50
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	50
- Teny nataon'Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery	50
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot	50
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	51
- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Patrice	51
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	51
- Fanazavana ny antonanton'ny volavolan-dalàna laharana faha-011/2019	51
- Teny nataon'Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola	51
- Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-011/2019.....	52

- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	53
- Teny nataon'Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola	54
- Fiatoan'ny fivoriana	54